## Herinandro fifohazana Fitantanam-Piainana Kristianina - 2024



# Andriamanitra lohalaharana ...

## Ny fomba fiainako

**30 Novambra - 7 Desambra**



# Atao Lohalaharana Andriamanitra ...
# Ny Fomba Fiainako

## Herinandro Fifohazana Ho An'ny Fitantanam-Piainana Kristianina

**30 Nôvambra-7 Desambra 2024**

---

Fanoroan-takila


Andro 1
**Vonona handoa ny sarany ............................................ 04**

Andro 2
**Ny lalàna ao amin'ny fokon'Andriamanitra ................ 10**

Andro 3
**Ny hasarobidin'ny fahasalamana ................................. 16**

Andro 4
**Fitaovana hoenti-mamita iraka .................................... 24**

Andro 5
**Ny karipetran'ny fotoana: manana lanja ny minitra tsirairay........................................................................ 30**

Andro 6
**Ireo fototra iorenan'ny famerenana ny ampahafolony ..... ........................................................................................ 36**

Andro 7
**Fiainana atokana amin'ny fanaovana ny asan' Andriamanitra .............................................................. 42**

Andro 8
**Antso maika ny hikatsahana an'Andriamanitra alohan' ny zavatra rehetra .................................................... 48**


ATAO LOHALAHARANA ANDRIAMANITRA

DEPARTEMANTA MISAHANA NY FITANTANAM-PIAINANA KRISTIANINA

# Manao an'Andriamanitra ho lohalaharana




**Guillermo Biaggi**

Filoha mpanampy ao amin'ny Foibe maneran-tanin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, Silver Spring, Etazonia

Efa eto amintsika ny famantarana (1 Pet. 4:7). Mivelatra eo anoloan'ny masontsika ireo faminaniana momba ny andro farany (Amô. 3:7). Olona miisa 8,1 lavitrisa anefa no mila mahafantatra ny fitiavany sy ny drafitra mahagaga nataony ho an'ny fiainan'izy ireo tsirairay avy (Jer. 29:11). Ho tratra ireo rehefa manome ny heriny ho antsika ny Fanahiny Masina (Zak. 4:6), ka hita taratra eo amin'ny fiainantsika ny fifohazana sy ny fanavaozana: "Ny fifohazana sy ny fananana ny toe-panahy araka an'Andriamanitra eo amintsika no lehibe sy maika indrindra amin'ny zavatra rehetra ilaintsika. Ny mikatsaka izany no tokony ho asantsika voalohany indrindra" – EGW, Selected Messages, Boky 1, t. 121.)

Tombontsoa fanararaotra iray hafa indray no atolotr'ity taridalana ho an'ny herinandro fifohazana ity, izay mitondra ny lohateny hoe "Atao lohalaharana Andriamanitra ... Ny fomba fiainako," hisaintsainana ny maha-zava-dehibe ny fanavaozana eo amin'ny tsipirian'ny fiainantsika andavanandro. Ny fanavaozana hita taratra eo amin'ny fiainana dia vokatry ny fifohazana ao anaty izay "tsy azo raha tsy amin'ny alalan'ny vavaka irery ihany." – EGW, True Revival, t. 9.

Manasa anao aho handinika ireto toe-tsaina telo lehibe ireto eo amin'ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra mandritra ity herinandro manokana ity:

1. **Mahalala:** Nantsoina isika hianatra momba ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny fiainantsika eo am-pandinihana ny lohahevitra tsirairay, ka handray izany ho toy ny ho an'ny tenantsika manokana mihitsy sy hampihatra ireo baikom-pitiavana omeny eo amin'ny fiainantsika. Mitaona antsika ny Fanahin'ny Faminaniana mba hazoto hikatsaka an'Andriamanitra: "Ireo izay vonona ny hitafy ny fiadian'Andriamanitra rehetra ka hanokana fotoana isan'andro *handinihan-tena sy hivavahana ary*

*hianarana ny Soratra Masina*, dia hifandray amin'ny lanitra ary hanana hery miasa mangina mahavonjy sy manova eo amin'ireo manodidina azy (EGW, Testimonies for the Church, b. 5, t. 112). Ny fetezantsika hikatsaka an'Andriamanitra dia hitondra herim-panahy nohavaozina ho an'ny fisiantsika.

2. **Manetry tena:** Andeha hankeo amin'ny Tompo isan'andro amin'ny fanetren-tena isika (Jak. 4:6) fa hanandratra antsika tsirairay avy Izy (Jak. 4:10), ka hamela ny vokatry ny Fanahiny izay miasa eo amin'ny fiainantsika hitondra fifohazana sy fanavaozana (Rôm. 12:2). Izao no voalazan'i Ellen White: *"Anjara asantsika ny manatanteraka ireo fepetra mifanaraka amin'ny fampanantenan'Andriamanitra ny hanome antsika ny fitahiany, amin'ny alalan'ny fiaikena ny helotsika, ny fanetren-tena ary ny vavaka mafana."* – EGW, Ny tena Fifohazana Marina, t. 9.

3. **Mampilefitra:** Andeha hametraka tanteraka ny fiainantsika amin'ny Tompo isika fa Izy no hahatonga ny fandresena ho azo antoka eo amin'ny fiainantsika (Jak. 4:7). Tafiditra ao anatin'izany ny fanolorana ny fotoantsika, ny fifandraisana, ny tena/ny fahasalamana, ny talenta/ny fanomezam-pahasoavana, ny fananana/ny fahafahamanao ho an'ny Tompo mba hampiasany antsika amin-kery eo amin'ny iraka izay nankininy amintsika manokana. Anisan'izany koa ny fanekentsika fa Izy no Tompon'ny zavatra rehetra, Izy no manome izay rehetra ananantsika (1 Tant. 29:14), ka ny fametrahantsika Azy ho lohalaharana dia hanampy antsika fianakaviam-ben'ny finoana ho voatahiry ao anatin'ny firaisana, fitiavana ary fanompoana an'i Kristy.

Amin'ity herinandro ity, dia andeha hataontsika lohalaharana Andriamanitra ka hanolotena isika ho amin'ny fahatokiana sy ny fahalalahan-tanana, eo amin'ny lafiny rehetra amin'ny fiainantsika, ao anatin'izany ny ampahafolony sy ireo fanatitra mitohy, fanatitra mifanentana amin'izay noraisina ary fanatitra ara-drafitra. Hampiasa antsika amin'ny fomba mahomby ny Tompo amin'izay fotoana izay mba hanatratra ny hafa sy hanampy azy ireo hihaona amin'i Jesôsy Kristy, Mpamonjy antsika. *"Ary ny Tompo anie hanitsy lalana ny fonareo ho amin'ny fitiavana an'Andriamanitra sy ho amin'ny faharetan'i Kristy."* – 2 Tes. 3:5. Amena.

## Andro 1

# Vonona handoa ny sarany

*"Ary toy izany koa hianareo rehetra, izay tsy mahafoy izay rehetra anananareo, dia tsy azo ekena ho mpianatro."* - Lio. 14:33.



Manasongadina ny fahatongavana ho mpianatr'i Kristy ny fitantanam-piainana kristianina. Mihoatra lavitra noho ny hetsika fanangonam-bola izany. Raha ny marina dia mora lavitra amintsika ny manome ny fananantsika tsindraindray, na tsy tapaka aza, ho an'ny fiangonana toy izay ny miaina amin'ny fomba izay tian'i Jesôsy iainantsika. Ny fanarahana an'i Kristy amin'ny lafim-piainana rehetra no zava-dehibe indrindra amin'ny fitantanam-piainana kristianina.

Manazava ny foto-kevitry ny maha-mpianatra kristianina ny Soratra Masina, izay mampirisika antsika hanahaka ny toetra tsaran'i Kristy. Antsoina isika haneho fahatokiana tanteraka (1 Kôr. 4:2). Tsy mora ny fahatongavana ho mpianatra marina fa misy sarany, araka ny voalazan'i Jesôsy (Lio. 14:25–33). Hodinihintsika indray ity andalan-tSoratra Masina ity, izay natao hosaintsainina mandritra ity Herinandro Fifohazana 2024 ity.

Izao no voalaza ao amin'ny Lio. 14:25–33: "*Ary nisy vahoaka betsaka niaraka tamin'i Jesosy, dia nitodika Izy ka nanao taminy hoe: Raha misy manaraka Ahy ka tsy mankahala ny rainy sy ny reniny sy ny vadiny sy ny zanany sy ny rahalahiny sy ny anabaviny, eny, ary*

**Roberto Herrera**
Talen'ny Departemantan'ny FIPIKRI
Diviziona Inter-Amerikanina,
Miami, Etazonia



*ny ainy koa aza, dia tsy azo ekena ho mpianatro izy. Na zovy na zovy no tsy mitondra ny hazo fijaliana ka tsy manaraka Ahy, dia tsy azo ekena ho mpianatro izy. Fa iza moa aminareo, raha ta-hanao tilikambo, no tsy mipetraka aloha mihevitra izay ho lany anaovany izany, na misy hahavitany azy, na tsia? Fandrao, rehefa nanao ny fanorenana izy ka tsy mahavita, dia handatsa azy izay rehetra mahita ka hanao hoe: Io olona io dia nanomboka nanao trano, fa tsy nahavita. Ary iza moa no mpanjaka, raha handeha hiady amin'ny mpanjaka hafa, no tsy mipetraka aloha mba haka hevitra tsara, na mahay mandresy ilay mitondra roa alina amin'ny iray alina izy, na tsia? Fa raha tsy izany, raha mbola lavitra ny mpanjaka anankiray, dia hampitondra teny izy ka hangataka fihavanana. Ary toy izany koa hianareo rehetra, izay tsy mahafoy izay rehetra ananareo, dia tsy azo ekena ho mpianatro.*"

Ireto roa ireto no fanamarihana voalohany azontsika atao momba io andalana io. Voalohany, i Jesôsy no mamaritra ny maha-mpianatra marina. Koa satria mitaky ny fanahafana an'i Jesôsy ny maha-mpianatra, iza no mahay manazava ny votoatin'izany mihoatra noho Izy? Faharoa, ny vahoaka nanaraka Azy no niresahan'i Jesôsy momba "ny atao hoe mpianatra marina." Ambaran'i Jesôsy mazava izay tokony ho takatr'ireo mpanara-dia Azy ankehitriny, sy ny tokony hampiharin'izy ireo eo amin'ny fiainana; dia ireo olona efa tafiditra amin'ny finoana ao anatin'ny fiangonana. Miresaka mivantana amintsika, ry rahalahy sy anabavy, ny Lio. 14:25–33.

## LESONA LEHIBE EFATRA MOMBA NY MAHA-MPIANATRA MARINA

### 1 Tonga mpianatra ny olona iray rehefa mitana ny toerana voalohany eo amin'ny fiainany Andriamanitra (Lio. 14:26)

Miresaka momba ireo fitiavana mifaninana amin'ny fitiavantsika an'Andriamanitra io andalan-teny io. Misy amin'ny mpianatr'i Kristy manao lohalaharana ny fitiavana ny ray aman-dreniny, ny vadiny, na ny zanany, fa tsy ny fitiavany an'Andriamanitra. Ny fahatokiany amin'ny hafa sy ny fanompoany ny hafa no mandeha voalohany fa tsy

ny fahatokiany amin'Andriamanitra sy ny fanompoany Azy. Ao koa ireo manao lohalaharana ny fitiavana ny tenany noho ny fitiavany an'Andriamanitra. Ampahafantarina mazava antsika ato amin'io andininy io fa raha tsy Andriamanitra no mitana ny toerana voalohany eo amin'ny fiainantsika dia tsy mety ho tonga mpianatra marina isika. **Na mandany ny androm-piainantsika amin'ny maha-"mambra" sy "mpianatra" aza isika, dia izay mametraka an'Andriamanitra ho lohalaharana ihany no tena mpianatra marina.**

Ny hanomezana vatofantsika azo antoka sy tsy azo hozongozonina ho an'ny finoantsika no anton'ny itakian'Andriamanitra ny hametrahana Azy ho lohalaharana. Tsy mafy orina ny finoana izay miankina amin'ny fifandraisana amin'ny hafa. Raha mbola eto an-tany isika dia mety ho voafitaky ny olona na dia izay manan-kaja indrindra amintsika aza. Ankoatra izany, mety hitondra antsika ho amin'ny lalana mampidi-doza, miala amin'ny fampianaran'Andriamanitra, ny fitiavana ny hafa mihoatra noho Andriamanitra.

## Tonga mpianatra ny olona iray rehefa ilaozany ireo zavatra toa tsara mba hanaovany ny tsara (Lio. 14:27) 2

Miresaka momba ny hazo fijaliana tsy maintsy hoentin'ny mpianatra marina rehetra io andininy io. Matetika no hafahafa ny fahitan'izao tontolo izao antsika, noho ny fanarahantsika an'i Kristy. Koa mety haneso sy haniratsira ary hihomehy antsika izy ireo. Noho izany, raha ny manao izay hahafaly ny olon-drehetra sy ny manao izay ifanarahana amin'ny toe-javatra rehetra mba tsy hisian'ny fanakianana no ataon'ny olona iray laharam-pahamehana, dia tsy mety ho tonga mpianatr'i Kristy izy. Tsy toerana voajanahary ahafahana miaina mifanaraka amin'ny tanjona, dia ny hanao ny sitrapon'Andriamanitra, izao tontolo izao ankehitriny.

Ohatra mahazatra ao amin'ny Baiboly momba ny toetry ny mpianatra mahatoky tsy azo hozongozonina ilay nasehon'ireo zazalahy hebreo telo lahy tao Babilôna. Nihevitra ny fahavalon'izy ireo fa rehefa mihiratra ihany ny andro na amin'ny fandraisam-bola ihany vao manam-pinoana izy ireo. Nino koa ireo fahavalony ireo fa raha hafanaina impito mihoatra ny mahazatra ny lafaoro, dia ho rava ny finoany. Nanapa-kevitra ny ho mpianatra anefa ireto tovolahy ireto, na inon-kidona na inon-kihatra. Tsy niandry ny fitsapana izy ireo vao nandray izany fanapahan-kevitra izany. Namaly ny mpanjaka tamim-pahasahiana izy ireo, ao amin'ny Dan. 3:16, hoe: *"Ry Nebokadnezara, tsy misy antony tokony hamalianay anao akory ny amin'izany zavatra izany."* Izao no votoatin'ny teny nataony tamin'ny mpanjaka: "Efa tapa-kevitra izahay; efa fantatrao ny toerana misy anay. Tsy hanompo ny andriamanitrao izahay. Ary na sanatria aza tsy hanafaka anay ny Andriamanitray, dia vonona ny hitondra io hazo fijaliana io sy handoa ny sarany izahay."

Rehefa hafanaina impito mihoatra noho ny mahazatra ny lafaoron'ny fiainantsika, moa ve mihalevona ny fahatapahan-kevitsika sy ny fanoloran-tenantsika? Izay vonona ny hitondra ny hazo fijaliany mandrakariva ihany no tena mpianatra.

## 3 Tonga mpianatra ny olona rehefa manolo-tena tsy tapaka ho an'Andriamanitra (Lio. 14:28-30)

Tahaka ny fanambadiana ara-Baiboly ny fanarahana an'i Kristy — fanolorantena mandritra ny androm-piainana. Rehefa manapa-kevitra ny hanara-dia an'i Kristy ny olona iray, dia tsy manahy ny amin'izay miandry azy, na izay mety hitranga ao anatin'ny telo volana voalohany. Mandroso hatramin'ny farany izy ireo. Fiainampinoana ny dia kristianina; midika izany fa tsy fantatsika marina ny fotoana handraisantsika izay rehetra nampanantenain'Andriamanitra, ary tsy hitantsika mialoha izay mety hitranga eny an-dalana. Izany indrindra no atao hoe finoana! Izao no voalazan'ny Heb. 11:1: *"ny finoana no fahatokiana ny amin'ny zavatra antenaina, fanehoana ny zavatra tsy hita."*

Manana ny Tenin'Andriamanitra azo antoka isika, koa mahazo matoky ny amin'ny hoavintsika mandrakizay raha toa ka miaina araka ny sitrapon'ny Tompo hatramin'ny farany. Tsy maintsy manolotena ho Azy sy ny fahamarinany amin'ny fotoana rehetra isika raha te-ho tonga mpianatra marina. Takin'Andriamanitra ny handinihan'ny mpianany ny sandan'ny fanarahana Azy; mampidi-doza ny fileferana an-jamba fotsiny. Kanefa, ny Kristianina dia tsy maintsy manam-paharetana na eo aza ny fahoriana, noho ny fitiavany an'i Kristy. Na mety handratra aza ny zava-tsarotra dia mampahery azy tsy ho kivy izany fitiavana izany. Manova ny olona tsirairay io fitiavana maharitra io, mahatonga fahatsapana lalina ny maha-izy azy sy ny antom-pisiany. Aoka isika hanam-paharetana tahaka ny faharetan'Andriamanitra, Izay momba antsika mandrakariva ka tsy mahafoy antsika (Mat. 28:20).

## 4 Tonga mpianatra ny olona rehefa mifanaraka amin'ireo fepetra takina ny fiainany (Lio. 14:31,32)

Mampitandrina i Jesôsy ao amin'ireo andininy farany ireo, mba tsy hahalatsaka ny olona amin'ny fahadalana ka hitonona ho mpanara-dia Azy kanefa avy eo miaina araka ny sitraky ny tenany ihany. Raha lazaina amin'ny fomba hafa, ny maha-mpianatra kristianina dia mitaky ny fahafantarana tsara ny tena sy ireo fepetra ilaina mba hahazoana antoka ny fandresena. Mampiasa voambolana mifandray amin'ny ady i Jesôsy mba hanaitra ny sain'ny mpihaino Azy fa ilaina ny mitandrina ireo fepetra takina mba hahazoana fandresena. Sahala amin'ny firotsahana an'ady ny dian'ny mpianatra; tsy tahaka ny fitsangantsanganana eny amorondranomasina takariva izany, izay lavitry ny loza. Ny mifanohitra amin'izany aza, asongadin'i Jesôsy fa miatrika ady isika! Misy fahavalo mampidi-doza miandry antsika, mitady handringana antsika. Maro sy mahery lavitra noho ny antsika ny tafik'izy ireo; vitsy an'isa isika. Feno loza ny lalampiainan'ny mpianatra; mamela-pandrika ny fahavalo, mandratra sy manimba. Noho izany, mila mailo hatrany isika, eo amin'ny toerana mety, ary mitafy ny fiadiana tokony hotafina. Raha tsy manao izany isika dia hitakemotra na hitolo-batana ho resin'ny fahavalo.

Ahoana no ahafantarantsika ny baiko mba handehanantsika araka izany? Ahoana no ahafantarantsika ny loza mananontanona antsika? Ao amin'ny Tenin'Andriamanitra ny valiny. Inona ny fitaovam-piadiana hafa afaka mamonjy antsika amin'ny

fanafihan'ny fahavalo ankoatra ny vavaka amim-pinoana? Ary ahoana no hanantenantsika haharitra hatramin'ny farany raha tsy mifanohana amim-pitiavana amin'ny maha-mpiara-mitolona antsika isika?

Tsy i Satana ihany, izay efa resin'i Jesôsy, no iadiantsika, fa indrindra koa ny tenantsika. Miezaka maka ny toeran'Andriamanitra hatrany ny "izaho" amin'ny alalan'ny fitiavan-tena, ny avonavona, ny lainga ary ny tsy firaihana ara-panahy. Mampanahy tokoa izany toe-javatra izany ka manoro hevitra antsika i Ellen G. White hoe: "Manokàna ny tenanao ho an'Andriamanitra raha vao maraina; izany no ataovy voalohan-daharana indrindra. Aoka ny fivavahanao ho toy izao: 'Raiso aho, Tompo ô; ho Anao manontolo. Ny fikasako rehetra apetrako eo an-tongotrao. Ampiasao amin'ny fanompoana Anao aho anio. Tomoera amiko, ary aoka ny asako rehetra hatao ao Aminao'" – EGW, Ny Dia Ho eo amin'i Kristy, t. 81.

Ry rahalahy sy anabavy malala, raha fintinina dia nantsoina handeha amin'ny finoana isika, izay lalana feno zava-tsarotra. Ny ho tahaka an'i Kristy no tanjona farany. Tokony ho vonona hanatratra izany isika ka handoa ny sarany. Ataovy lohalaharana Andriamanitra, fidio ny hanao ny tsara na inon-kidona na inon-kihatra, aoka hanolo-tena tsy tapaka ho Azy, ary hanana fiainana mifanaraka amin'izay takin'ny finoana tanantsika. Ity antso ity dia natao ho an'ireo mambran'ny fiangonana, izay tsy mambra fotsiny fa olona maniry ny hiova fo ho an'Andriamanitra ka manolo-tena ho mpianany. Andeha hivavaka amin'Andriamanitra isika mba hanampiany antsika hahatanteraka ny zava-takin'ny maha-mpianany antsika, anio sy mandrakizay.

Na mandany ny androm-piainantsika amin'ny maha-"mambra" sy "mpianatra" aza isika, dia izay mametraka an'Andriamanitra ho lohalaharana ihany no tena mpianatra marina.

## Fanontaniana hosaintsainina:

1 Inona no mampiavaka ny maha-mambran'ny fiangonana sy ny maha-mpianatra?

2 Inona avy no manakana ny mpino tsy hiaina amin'ny maha-mpianatra azy amin'ny fahafenoany?

3 Eo amin'ny diako ara-panahy, inona no manampy ahy ho tonga mpianatra marina?



*“Izaho no voaloboka, hianareo no sampany. Izay miray amiko, ary Izaho aminy, dia mamoa be izy; fa raha misaraka amiko kosa hianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona.”* – **Jao. 15:5.**

# Atao lohalaharana Andriamanitra ...

## *Ny fomba fiainako*

### Fanoloran-tena:

**Miaraka amin’ny fanampian’Andriamanitra, safidiko ny hanokana ny fotoana voalohany amin’ny androko tsirairay, hifandraisana amin’ny Tompo amin’ny alalan’ny** VAVAKA, **ny** FIANARANA **ny Baiboly, ny Fanahin’ny Faminaniana sy ny leson’ny Sekoly Sabata, ary amin’ny** FOTOAM-BAVAKY NY MPIANAKAVY.

# Andro 2

# Ny lalàna ao amin'ny fokon' Andriamanitra

### Mikolokolo fifandraisana tsara

Fokon'iza no misy anao? Ao amin'ny fiarahamonina maro amin'izao fotoana izao dia mifanalavitra ny fianakaviana, na mitokana mihitsy aza. Indraindray tsy homen-danja ny fianakaviam-be na ny fiarahamonina raha tsy eo anivon'ny kolontsaina manome anjara toerana lehibe ny foko sy ny fianakaviana.

Indray mandeha dia nisy olona namaritra ny atao hoe "foko misy ahy" tamin'ny fomba mahatsikaiky ka nanao hoe: "Rehefa mahita olona ianao, izay tsy vitan'ny hoe mahalefitra ny zavatra hafahafa ataonao, fa mampirisika izany koa amin'ny antsoantso falifaly hoe: 'Izaho koa!', dia tiavo tokoa izy ireny. Satria ny fokon'ireo olona hafahafa ireo no foko misy anao."

Ny foko misy antsika dia azo faritana ho ny fianakaviantsika akaiky, ny fianakaviam-bentsika, ny fiangonana misy antsika, ny fiarahamonina misy antsika, na ny fianakaviam-ben'ny taranak'olombelona eto an-tany koa aza. Antsoina isika mba hikarakara tsara ny foko sy ny fianakaviana misy antsika amin'ny maha-mpitantana antsika, dia mpitantan'Andriamanitra. Fomba iray anatanterahantsika izany ny fampirisihana sy ny fikolokoloana fifandraisana tsara.



**Julian Archer**
Talen'ny Departemantan'ny FIPIKRI
Diviziona Pasifika Atsimo,
Sydney, Australia



Mampahatsiahy antsika ny maha-zava-dehibe ny fiarahana amin'ireo mambran'ny foko misy antsika ny ao amin'ny Heb. 10:25. Mampirisika antsika ny mpanoratra mba tsy hanao tsirambina ny fiaraha-miangona, tahaka ny fanaon'ny sasany, fa mba haka fotoana hifampaherezana kosa, indrindra satria hitantsika fa mihantomotra ny fiverenan'i Kristy.

Anio, andeha hezahintsika hovaliana ity fanontaniana ity: "Ahoana no ahafahako mikolokolo fifandraisana tsara ao anatin'ny foko misy ahy — ny fianakaviako akaiky, ny fiangonana misy ahy, ary ny fianakaviako maneran-tany, dia ny olombelona rehetra?"

**Manorina fifandraisana:**

**Paikady marina sa paikady sandoka**

Manana drafitra maty paika Andriamanitra ny amin'ny fomba tokony hitantanantsika amim-pahatokiana ireo lafim-piainantsika manan-danja rehetra; saingy manana drafitra sandoka koa i Satana. Manao ahoana ny fomba fikarakarantsika ny fokontsika sy ny fikolokoloantsika fifandraisana tsara? Misy fifanandrinana lehibe manodidina izany.

| Hoy Andriamanitra: | Hoy i Satana: |
|---|---|
| Ianao no "mpitandrina ny rahalahinao." | Ny tenanao no laharam-pahamehana voalohany. |
| Tohano ny fianakaviana, indrindra amin'ny andro sarotra. | Azontsika avela hiezaka samirery ny hafa, hanampiany ny tenany. |
| Tiavo sy lalao ny vadinao, tahaka an'i Kristy tia ny fiangonana. | Ataovy azo antoka fa miahy anao amin'izay ilainao ny vadinao. |
| Araho ny lalàna volamena: "na inona na inona tianareo hataon'ny olona aminareo, dia mba ataovy aminy kosa tahaka izany." | Tontolo feno fifaninanana no misy antsika, koa tandremo fatratra ny tombontsoanao, na inona na inona fiantraikan'izany amin'ny hafa. |

Misy paikadin'i Satana toa mety amintsika amin'ny toe-javatra sasany, kanefa tsy maintsy hiafara amin'ny faharavan'ny fifandraisana sy ny fisaraham-bazana izany amin'ny farany.

Niresaka momba ny foko misy antsika i Paoly rehefa nanoratra tamin'i Timoty. Hoy izy: "*Fa raha misy tsy mamelona ny azy, indrindra fa ny ankohonany, dia efa nandà ny finoana izy ka ratsy noho ny tsy mino.*" - 1 Tim. 5:8.

Nahafinaritra an'i Ellen G. White koa ny nanoratra momba ny hasarobidin'ny fifandraisana eo anivon'ny fianakaviana. Izao no voalaza ao amin'ilay boky hoe: "Adventist Home," izay misy hafatra manan-danja: "**Manomboka amin'ny ankohonantsika ao an-tokantrano ny asantsika ho an'i Kristy (...) Tsy misy saha misiônera lehibe noho izany**." - t. 35. Avy eo dia tohizany amin'ilay fanambarana mazava hoe: "Tsy ny hanao tsirambina ny tokantranonao no niantsoan'ny Tompo anao. (…) Tsy fomba fiasany velively izany, ary tsy ho fomba fiasany na oviana na oviana." - t. 246.

Tsotra sy mazava tsara izany teny izany!

# Manomana ny fokontsika

Mpitantana ny fifandraisana nankinin' Andriamanitra tamintsika isika. Amin'ny maha-mpitantana mahatoky antsika, ahoana no ikolokoloantsika izany fifandraisana izany andavanandro? Andeha hodinihintsika ireto fomba efatra azo ampiharina ireto:

## Ny Lalàna volamena 1

Nanome fitsipika antsika i Jesôsy mikasika ny fomba tokony hikarakarantsika ny fokontsika. *"Koa amin'izany na inona na inona tianareo hataon'ny olona aminareo, dia mba ataovy aminy kosa tahaka izany fa izany no lalàna sy mpaminany."* – Mat. 7:12.

Azontsika antsoina hoe: "Lalàna volamenan'ny foko" io fanambarana io. Tsy mampaninona na faritantsika ho fianakaviana io foko io, fianakaviana akaiky indrindra, na olona monina any amin'ny vazan-tany hafa izay mety tsy ho hitantsika mihitsy mandrakizay; fa marina mandrakariva ny tenin'i Jesôsy. Tokony ho tia ny olona rehetra isika, na aiza na aiza misy azy, satria toy izany no itiavan'Andriamanitra antsika, ary izay tia tahaka ny fomba itiavan'Andriamanitra dia mahatanteraka "ny Lalàna sy ny Mpaminany."

## Tandremo ny teny lazaina 2

Ny fampiasana ny lelantsika no fomba faharoa lehibe ahazoantsika mikolokolo fifandraisana tsara. Izao no voasoratra ao amin'ny Efes. 4:29: "*Aoka tsy haloaky ny vavanareo izay teny maloto, fa izay tsara ho fampandrosoana, araka izay tokony hanaovana, mba hahazoan'ny mihaino fahasoavana*." Manazava io lohahevitra io ny Kôl. 4:6 manao hoe: "*Aoka ny fiteninareo ho amin'ny fahasoavana mandrakariva, ho mamy sira, mba ho fantatrareo izay tokony havalinareo ny olona rehetra*."

Mila mitandrina sy mivavaka ny amin'ny teny rehetra lazaintsika isika eo am-piezahantsika mikolokolo fifandraisana tsara. Miainga avy ao am-pontsika ny teny lazaintsika, koa aoka isika hangataka fo vaovao amin'Andriamanitra isan'andro, izay hamoaka teny mamy sy manohana ary mampahery.

## Aoka ho tia tahaka an'i Jesôsy 3

Akaiky an'i Jesôsy tokoa ny apôstôly Jaona, ary nodinihiny tsara ny fomba fitenin'i Jesôsy, ny fomba firesany, ny fomba fandraisany fanapahan-kevitra, ny fifandraisany amin'ny vahiny, ary ny fangorahany ny mahantra. I Jaona no nanatri-maso akaiky indrindra rehefa nizara ny fitiavany tamin'ny manodidina Azy i Jesôsy.

Rehefa antitra i Jaona dia nanoratra toy izao: "*Raha misy manao hoe: Tia an'Andriamanitra aho, nefa mankahala ny rahalahiny, dia mpandainga izy; fa izay tsy*

*tia ny rahalahiny izay hitany, hataony ahoana no fitia an'Andriamanitra Izay tsy hitany? Ary izao no didy efa azontsika taminy: Izay tia an'Andriamanitra dia tsy maintsy tia ny rahalahiny koa.*" - 1 Jao. 4:20,21.

Ivo lehibe ao amin'ny fokontsika, ny fianakaviantsika, ary ny fifandraisantsika, ny fitiavana. Hazavain'i Ellen G. White ao amin'ilay boky mahafinaritra hoe: "Sambatra," ny maha-zava-dehibe tokoa ny fitiavana: *"Tsy ny fiamboniana eto an-tany, na ny firazanana, na ny firenena, na ny tombontsoa amin'ny fivavahana no manaporofo fa anisan'ny ankohonan'Andriamanitra isika, fa ny fitiavana, dia ny fitiavana mahafaoka ny olona rehetra."* – t. 67.

Ilaintsika koa ny mahazo antoka fa miantefa amin'ireo lafim-piainana tokony hiantefany ny fitiavantsika. Fantatsika tsara fa anisan'ny olana lehibe indrindra mandrava ny fifandraisana ny fitiavan-tena sy ny fieremana. Tafiditra an-tsokosoko ao amin'ny ankohonana sy ny fiangonana izany ka manimba. Amin'izao vanim-potoana iainantsika izao, matetika ny fiarahamonina no mampirisika antsika hanome toerana ambony ny zavatra ara-nofo mihoatra noho ny fifandraisantsika. Mampalahelo ny mahita fa atakalo zavatra ny fifandraisana.

Manaraka izao "lalàn'ny foko" izao ny mpitantana mahatoky amin'ny fokony: Amin'izao andro izay anjakan'ny fitiavan-javatra sy ny fampiasana olona izao, dia tokony ho tia ny olona isika ka hampiasa ny zavatra kosa. Zava-dehibe tokoa izany, ka tokony haverimberintsika sy hotadidintsika: Amin'izao andro izay anjakan'ny fitiavan-javatra sy ny fampiasana olona izao, dia tokony ho tia ny olona isika ka hampiasa ny zavatra kosa.

Nampiasa zavatra i Jesôsy mba hanehoana fitiavana amin'ny olona. Nampiasa fotaka Izy mba hanehoana fitiavana tamin'ny lehilahy jamba iray; fasika no nampiasainy hanehoana fitiavana tamin'ny vehivavy iray nijangajanga; nampiasa rano sy siny vato Izy mba hanehoana fitiavana tamin'ny mpivady vao iray; nampiasa mofo sy hazandrano Izy mba hanehoana fitiavana tamin'ny vahoaka noana; ny fitafiany no nampiasainy mba hanehoana fitiavana tamin'ny vehivavy iray nandeha ra; ary farany, nampiasa hazo fijaliana sy fantsika telo Izy mba hanorenana tetezam-pitiavana.

### Tiavo ny olona fa tsy ny zavatra 4

Ny fanaovana laharam-pahamehana mandrakariva ny olona ambonin'ny zavatra dia hanamafy orina ny fifandraisantsika. Hisy akony ny fanarahana io "lalàn'ny foko" io, na amin'ny fomba fiantsenantsika, na amin'ny fandehantsika, na amin'ny fomba fisakafoantsika, na amin'ny fomba fikarakarantsika ny hafa.

Raha ny fikolokoloana fifandraisana tsara no resahina, ny tsara indrindra tokony hianarantsika dia ny mitia tahaka ny itiavan'Andriamanitra. Aoka handinika ny fiainan'i Jesôsy isika, hijery ny fomba nikarakarany ny "fokony" — ny fianakaviany, ny mpianany, ny mpiara-belona Taminy, ny olona rehetra — ka hotanterahintsika ny nolazainy hoe: *"Mandehana hianao, ka mba manaova toy izany koa."*

Tokony ho mpitantana mahatoky ny fifandraisantsika isika; tantara anankiray manazava tsara ny momba izany no hamaranantsika azy: Tantaran'ny lehilahy iray antsoina hoe Petera, izay nahazo fiara matanjaka vaovao avy tany amin'ny rahalahiny. Indray andro, nentiny nankany an-tanàna ilay fiara ary napetrany teo amin'ny sisin'arabe raha mbola niantsena izy. Rehefa niverina izy, niaraka tamin'ny harona maro feno entana, dia nahita tovolahy iray tsy manan-kialofana nibanjina ilay fiara vaovao mamirapiratra.

Rehefa nanatona ny fiara i Petera, dia nanontany azy tamin-kenatra ilay zazalahy hoe: "Miala tsiny tompoko, fiaranao ve ity?"

"Eny," hoy i Petera namaly. "Avy any amin'ny rahalahiko izy ity. Fanomezany ho ahy."

Nihiratry ny fahagagana ny mason'ilay zazalahy noho ny fieritreretany ilay fanomezana lafo vidy natolotra tamim-pahalalahan-tanana toy izany. "Oay!" hoy izy. "Mahatalanjona izany! Tena faniriako… faniriako … mba tiako …"

Tsy mbola tapitra ny teniny dia hoy i Petera: "Eny, fantatro, anaka. Fanirianao ny hanana rahalahy toy izany."

"Tsy izany mihitsy ka!" hoy ilay zazalahy namaly faingana. "Faniriako … mba tiako fotsiny ny ho tahaka izany rahalahinao izany."

Tianao ve ny ho rahalahy toy izany, ho mpiray tampo tahaka izany, mpiara-monina toy izany, olom-pirenena toy izany? Tsy voatery ho mpanankarena ianao ka afaka hanome fiara matanjaka. Asain'Andriamanitra dinihinao ireo zavatra nankininy taminao, na be na kely, ary ampiasainao mba hanehoana fitiavana amin'ny olona.

Andriamanitra no Mpamorona sy Mpanohana ny fifandraisana tsara. Noho ny fanampian'Andriamanitra, amin'ny alalan'i Kristy mitoetra ao am-ponao, dia afaka mitia ny olona mihoatra noho ny zavatra ianao eo amin'ny fiainanao, ka misafidy ny hampiasa ireo zavatra anananao ho fanehoam-pitiavana amin'ny olona.

Feno lesona momba ny fanorenana sy ny fikolokoloana fifandraisana tsara ao amin'ny Tenin'Andriamanitra, izay hita fa mahomby; ary ivon'ireo lesona ireo ny fananana fifandraisana manokana amin'Andriamanitra.

"Manomboka amin'ny ankohonantsika ao an-tokantrano ny asantsika ho an'i Kristy (…) Tsy misy saha misiônera lehibe noho izany." –EGW, Adventist Home, t. 35.

## Fanontaniana hosaintsainina:

1 Raha nanao teny henjana aho, na nanao zavatra izay nahatonga ny olona iray tsy hatoky ahy intsony, na nanimba ny fifandraisako taminy, inona no azoko atao mba hamerenana amin'ny laoniny ny fifandraisana?

2 Hisy akony ny fanarahako ilay "lalàn'ny foko," na amin'ny fomba fiantsenako, na amin'ny fandehako, na amin'ny fomba fisakafoako; amin'ny fomba ahoana?

3 Lafo vidy tokoa ilay fanomezana, ilay zavatra, avy amin'ilay rahalahy tao amin'ny tantara. Araka ny lesona voaraiko androany, inona ny fanomezana lehibe noho izany, azoko atolotra ny hafa?



“[Ny fitiavana] mandefitra ny zavatra rehetra, mino ny zavatra rehetra, manantena ny zavatra rehetra, maharitra ny zavatra rehetra.”
– 1 Kôr. 13:7.

# Atao lohalaharana Andriamanitra ...

## *Ny fomba fiainako*

**Fanoloran-tena:**

**Miaraka amin’ny fanampian’Andriamanitra, safidiko ny hanatsara ny FIFANDRAISAKO amin’ny hafa, ny hitombo amin’ny fahatokiana, amin’ny famelan-keloka, ary amin’ny fitiavana tsy misy fepetra.**

## Andro 3

# Ny hasarobidin' ny fahasalamana



Manjaka loatra ankehitriny ny fanangonan-karena sy fananana ara-nofo. Hitantsika amin'ny dokambarotra fa azo atao ny ho tonga mpanankarena ka miala amin'ny asantsika raha mividy sy manaraka ny paikadin'ny mpanankarena iray efa "voaporofo fa mahomby." Tsy mitsahatra mampiseho sary antsika mikasika ny fomba fiaina feno fiadanana, ny trano mirenty ary ny fananana sarobidy ireo gazetiboky, fandaharana amin'ny fahitalavitra, ary ny haino vaky jery isan-karazany. Na eo anivon'ny tontolo kristianina aza, ny finoana sy ny fitoriana ny "filazantsara mampanantena fanambinana ara-nofo" dia mamboly toe-tsaina mifantoka amin'ny tombontsoan'ny tena ara-nofo. Izany dia manimba ny foto-kevitry ny Baiboly momba ny Kristianina amin'ny maha-mpitantana mahatoky azy, izay nanankinana harena mba hanomezam-boninahitra an'Andriamanitra sy hanompoana ny hafa. Moa ve isika mirona ho amin'ny fanaovana laharam-pahamehana ny fananana?

Fahadisoana ny mifantoka amin'ny harena ara-bola ary tsy ahafantarana ny maha-zava-dehibe ny fanambinana marina sy ny atao hoe fiainana be dia be. Ho an'ireo izay tarihin'ny foto-kevitra ara-Baiboly, ny fitantanana, izay fitantanana ny fananan'Andriamanitra, dia fiainana manao laharam-pahamehana ny fahasalamana sy ny fampiasana araka ny tokony ho izy ny zavatra rehetra nankinina tamintsika. Na ilay fomba fiteny hoe "ny fahasalamana no voalohan-karena" aza dia tsy mahafintina tsara ny fitsipi-piainana isan-karazany amin'ny fahafenoany, mifandraika amin'ny fitantanana. Kanefa manan-danja manokana ny fahasalamana, ary misy akony amin'ny lafim-piainantsika rehetra.



**Zeno Charles-Marcel**

Talen'ny Departemanta misahana ny Fahasalamana, voafidy eo anivon'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, Foibe maneran-tany, Silver Spring, Etazonia



### Ny tena tombam-bidin' ny fahasalamana

Voalohany, ny fahasalamana no fototra mahatsara ny fiainan'ny olombelona. Raha tsy tsara ny fahasalamana, dia manjary tsy misy lanjany ny fanangonan-karena sy ireo zava-bita eo amin'ny fiainana. Tsy misy harena mahasolo ny fotoana very na mahaverina ny aina ao amin'ny vatana marary, na dia eo aza ny fandrosoan'ny fitsaboana môderina. **Raha salama tanteraka isika dia afaka manatanteraka ny nofinofintsika, manorina fifandraisana tsara sy manan-danja, mandray anjara amin' ny fanasoavana ny fiarahamonina, ary manampy amin'ny fampandrosoana ny fanjakan'Andriamanitra eto an-tany.** Ny fahasalamana no fototra iankinan'ny fikasana rehetra.

Ankoatra izany, ho an'ny mpino, dia voafaoka ao anatin'ny fitantanana ny fitandremana ny harena rehetra nankinin'ny Mpahary tamintsika. Anisan'izany ny fahasalamana ara-batana, ny fahasalamana ara-tsaina, ny fifandraisana araka ny tokony ho izy, ary ny fikolokoloana ny tontolo iainana. Mampirisika antsika hankalaza an'Andriamanitra amin'ny tenantsika i Paoly apôstôly, amin'ny fanekena azy ireo ho tempolin'ny Fanahy Masina (1 Kôr. 6:19,20). Manasongadina ny fahamasinan'ny fahasalamana ara-batana io baiko avy amin'Andriamanitra io, sy ny andraikitsika amin'ny fikolokoloana sy fitandroana izany.

Amin'izao andro feno rotorotom-piainana izao dia hita hatraiza hatraiza ny olana ara-pahasalamana, ary mahakasika ny olona rehetra na manao ahoana na manao ahoana ny toe-bolany. Mandreraka ny olona ny adin-tsaina sy ny fanahiana ary ny fahaketrahana, ka manakana ny fiainana tsy hivelatra ho amin'ny fahatsarana sy tsy ahafahany mampiasa tsara ny fahaiza-manaony. Noho izany, mitaky fikolokoloana ny saina mba hatanjaka ny fitantanam-piainana, mitaky fitadiavana fanampiana raha ilaina, ary mitaky fiezahana hampisy tontolo izay manao laharam-pahamehana ny fahasalamana ara-tsaina.

Mandrisika ny fifandraisana salama miorina amin'ny fitiavana, ny fifampitokisana, ary fifanajana ny fitantanam-piainana kristianina. Mety hanao ambanin-javatra ny fifandraisany amin'ny hafa ny olona noho ny fikatsahana harena, hany ka manjary manirery sy mitoka-monina izy. Manan-danja lehibe kosa ny fifandraisana ho an'ny mpino, satria maneho ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fifandraisany amintsika. Ny fitantanam-piainana dia mitaky fampiasana fotoana sy fanaovana ezaka ho fikolokoloana fifandraisana manan-danja amin'ny fianakaviana, amin'ny namana ary amin'ireo olona eo amin'ny fiarahamonina. Manatsara ny fiainantsika isam-batan'olona sy ny fiarahamonina ankapobeny izany.

Voafaoka ao anatin'ny fitantanampiainana ny fiarovana ny tontolo iainana. Ekentsika fa fanomezana sarobidy nankinina tamin'ny olombelona ny tany. Amin'ny maha-olon'ny finoana antsika, dia antsoina ho mpitandrina ny zavaboary isika, hiaro ny tany araka izay azontsika atao. Tafiditra ao anatin'izany ny fomba fanao sy fahazarana tsy manimba ny tontolo iainana, ny fitandroana ny harena voajanahary, ary ny fampirisihana ny fanajana ny tontolo iainana, mba hahafahan'ny olona rehetra, indrindra ireo marefo, miaina ao anatin'ny tontolo mahasalama. Mahatanteraka ny andraikitsika amin'ny fanajana sy ny fiarovana ny zavaboarin'Andriamanitra isika rehefa mitandro ny tontolo iainana.

Iankinan'ny lafiny hafa rehetra amin'ny fiainantsika ny fitandroana ny fahasalamantsika. Mampihena be ny fahafahantsika mahazo, mampiasa, ary misitraka ny harena sy ireo zavatra hafa koa, ny tsy fahasalamana ara-batana sy ara-tsaina. Raha ny harena fotsiny dia tsy mahasitrana ny aretina, na mahavita manamaivana ny fanaintainana maharitra, na mamerina ny aina. Ny fanomezan-danja tafahoatra ny zava-bita sy ny fananana ara-nofo dia mety hitarika ho amin'ny fomba fiaina tsy ara-pahasalamana, izay mety hampitombo ny adin-tsaina, ny fanahiana, ary ny fanaovana tsirambina ny tena. Fa ny fanaovana laharam-pahamehana ny fahasalamana kosa, amin'ny alalan'ny sakafo voalanjalanja, ny fampiasam-batana ara-dalàna, ary ny fitandremana ny fomba fiaina, dia mahatonga fahatsapan-tena ho salama tsara, matanjaka, ary mahiratra — toetra izay manatsara ny fahafahantsika misitraka marina ny fiainana.

**Lalana mitondra ho amin'ny fahasalamana tanteraka**

### DINGANA AZO AMPIHARINA, IZAY HAHATSARA NY FAHASALAMANTSIKA AMIN'NY MAHA-MPITANTAM-PIAINANA ANTSIKA:

**Mikolokolo fahazarana mikarakara tena amin'ny lafiny rehetra:**

• Aoka hamaritra fotoana fatoriana tsy miovaova isika mba ho ara-dalàna ny fialan-tsasatra. Tena ilaina amin'ny fahasalamana ankapobeny ny fialan-tsasatra sy ny torimaso ampy. Tokony hiezaka isika mba ho ampy torimaso isan'alina, ka aoka haharitra 7 hatramin'ny 9 ora izany ho an'ny ankamaroan'ny olon-dehibe. Manàna fahazarana mampahazo aina alohan'ny hatoriana, ary ataovy azo antoka fa tsy voahelingelin'ny tontolo manodidina ny fialan-tsasatrao. Ny famaritana fotoana fatoriana tsy miovaova, ny fahazarana mampahazo aina alohan'ny hatoriana, ny famerana ny fijerena "écran" alohan'ny hatoriana, ary ny tontolo tsy manelingelina ny fialan-tsasatra dia mety hahatsara kokoa ny torimaso.

• Manamboara sakafo be otrikaina, ka ny sakafo feno ("complet") sy tsy mbola voahodina no ataovy betsaka. Manatsara ny fomba fisakafontsika ny fihinanana sakafo feno isan-karazany, ao anatin'izany ny voankazo, ny legioma, ny sakafo tsy matavy loatra, ny voamaina feno, ary ny tavy mahasalama. Aoka anefa hotandremana koa ny habetsaky ny sakafo hohanina, ka ialana ny fihinanana sakafo voahodina, na siramamy na tavy tsy mahasalama be loatra.

• Aoka ho anisan'ny fiainantsika andavanandro ny fampiasam-batana (ohatra: ny dia an-tongotra, ny fanazaran-tena). Tena ilaina ny fampiasam-batana ara-dalàna mba hihazonana ny fahasalamana ho tsara indrindra. Tokony hataontsika amin'izany ny fampiasan-tena manatsara ny fisefoana, ny fanazaran-tena manabokona ny hozatra, ary ny fanazaran-tena fanalefahana, mba hanatsarana ny fahasalaman'ny fo, hanamafisana ny tanjaky ny hozatra, ary hanatsarana ny fahaiza-manao. Mitadiava fomba mahafinaritra hahazoanao mampiasa vatana, dia ho mora aminao ny mampiditra ny fanatanjahan-tena eo amin'ny fiainana andavanandro. *"Koa amin'izany, na mihinana na misotro hianareo, na inona na inona ataonareo, dia ataovy ho voninahitr'Andriamanitra izany rehetra izany."* - 1 Kôr. 10:31.

• Misotroa rano ampy mandritra ny andro.

• Manokàna fotoana hanamaivanana ny rarintsaina, toy ny famakiana Baiboly sy ny vavaka. Mety hisy fiantraikany ratsy eo amin'ny fahasalamantsika ny rarintsaina maharitra. Tokony hanana paikady hifehezana ny rarintsaina amin'ny fomba mahomby isika, toy ny fandehanana eny anivon'ny zavaboary sy ny fialamboly. Fantaro ireo antony mahatonga ilay rarintsaina ary mitadiava fomba ara-pahasalamana azo iatrehana izany, dia hihena ny fiantraikany.

• Aoka isika hikolokolo ny fahasalamantsika ara-tsaina amin'ny alalan'ny fampiasana diary, ny fangatahana torohevitra, na ny fidirana ho mpikambana amin'irony vondrona ahafahana mifanohana irony.

**Aoka hianatra mandrakariva:**

• Mamaky boky na lahatsoratra ahitana lohahevitra momba ny fahasalamana sy ny fikarohana mikasika izany, mifanaraka amin'izay ilaintsika.

• Manatrika atrikasa, seminera, na fampianarana amin'ny tambajotran-tserasera mba hanitarana ny fahalalantsika.

• Mifanakalo hevitra amin'ny matihanina momba ny fahasalamana ary mametraka fanontaniana mba hampazava ny fahatakarantsika.

• Tokony hahalala mandrakariva ireo vaovao mikasika ny fahasalamana sy izay mahasoa isika. Aoka ho fantatsika hatrany ny voka-pikarohana farany, ny lohahevitra malaza, ary ny fomba tsara indrindra mikasika ny fisakafoana, ny fampiasam-batana, ny fahasalamana ara-tsaina, ary ny fomba fisorohana ny aretina. Manampy antsika handray fanapahan-kevitra tsara sy hanana fahazarana mahasalama ireny fahalalana ireny.

**Fantaro ny tenanao:**

• Tokony ho voamaritsika izay rehetra miseho eo amin'ny vatantsika sy ny vokatra tsapantsika avy amin'ireo sakafo samy hafa hanintsika.

• Tokony ho voadinitsika ny fomba fisehon'ny fihetseham-pontsika sy ny fomba fisainantsika, izay mety hisy akony amin'ny fahasalamantsika.

• Tokony ho fahazarantsika ny misitraka tsara ny fotoana ankehitriny.

**Aoka hanana fahazarana mitandro ny fahasalamana ho fisorohana ny aretina:**

• Mizaha matetika ny fahasalamana any amin'ny dokotera, ny mpitsabo nify, ary ny mpitsabo hafa mifandraika amin'izay ilaina.

• Manaraka ireo toromarika mikasika ny fitiliana tokony hatao, arakaraka ny taonantsika sy ny fahasalamantsika.

• Manaraka ireo fepetra fisorohana aretina, toy ny vaksiny sy ny fanampin-tsakafo raha ilaina, ary manao laharam-pahamehana ireo fahazarana mahasalama eo amin'ny fomba fiainantsika.

**Mikolokolo fivo-piainana mahasoa:**

• Aoka ho olona mitovy soatoavina ara-pahasalamana amintsika sy afaka mampahery antsika no manodidina antsika. "T*sara ny roa noho ny iray; fa misy valiny tsara ny fisasarany. Raha misy lavo izy, dia arenin'ny namany; fa mahantra ny lavo izay tsy manana namana hanarina azy."* – Mpitt. 4:9,10.

• Miditra ho mambra ao amin'ny vondrona mpiara-mivavaka na fikambanana mifantoka amin'ny fomba fiaina mahasalama sy mahasoa.

• Ataovy izay hisian'ny fahazarana ara-pahasalamana ao an-tokantrano (ohatra, ajanona ny fihinanana sakafo aingitraingitra tsy mahasalama sy ny fialam-boly tsy mahasoa).

**Mandray anjara amin'ny hetsika mahasoa:**

• Mirotsaka an-tsitrapo amin'ny fanohanana tanjona mifanaraka amin'ny soatoavintsika sy ahafahantsika mitondra fanampiana ho an'ny hafa.

• Manao fialam-boly na lalao mandrisika ny fahaiza-mamorona, izay mitondra fifaliana sy fahafaham-po ho antsika.

• Tokony ho mpitondra fanampiana isika fa tsy mpandray fanampiana fotsiny.

• Aoka hofantarintsika ny fomba azo ampiasana ny talentantsika manokana ho fanampiana ny hafa. *"Ny fo ravoravo mahasalama tsara; fa ny fanahy kivy mahamaina ny taolana."* - Ohab. 17:22.

**Mianatra sy mitombo mandritra ny fiainana:**

• Aoka isika handinika tsara mandrakariva ny toe-pahasalamantsika ary hanitsy ny fomba fiainantsika raha ilaina.

• Aoka hazoto hamolavola fahazarana vaovao na fanao mahasoa izay mety hanatsara ny fahasalamantsika.

• Aoka hifaliantsika ny fahombiazantsika, kanefa aoka koa hanana faharetana rehefa tojo olana.

**Ampiaraho ny fivavahana sy ny fitantanam-piainana:**

• Aoka hitolomantsika amim-bavaka sy hosaintsainintsika tsara ny momba ny andraikitsika amin'ny maha-mpitantana ny fiainantsika antsika, dia ny fahasalamantsika sy izay mahasoa antsika.

• Aoka ho fahazarantsika isan'andro ny maneho fankasitrahana noho ny nanomezan'Andriamanitra antsika vatana sy fahafahana mampiasa izany hanaovana fanandramana tsara eo amin'ny fiainana.

• Aoka isika hangataka ny fitarihan'Andriamanitra sy hampihatra ireo fomba fiaina mahasalama mifanaraka amin'ny fivavahantsika, mba hananantsika fiainana voalanjalanja tsara sy tanjona. *"Aza manahy na inona na inona; fa aoka ny fivavahana sy ny fifonana mbamin'ny fisaorana no ho entinareo manambara ny fangatahanareo amin'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra. Ary ny fiadanan'Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo ao amin'i Kristy Jesosy."* – Fil. 4:6,7.

**Aoka hofadina ny zava-mahadomelina:**

• Tokony hialana ny fanao rehetra mety hanimba ny fahasalamantsika, toy ny fifohana sigara, ny fisotroana toaka, ary ny fampiasana zava-mahadomelina tsy ara-dalàna hafa. Ireo dia mety hanimba tokoa ny fahasalamantsika ara-batana sy ara-tsaina, ary aleo hialana tanteraka mba hahatsara mandrakariva ny fahasalamantsika.

**Aoka tsy ho "adalan-javatra iray" ("obsession") na hanana hafanam-po diso toerana:**

• Mila mitandrina sy mahonon-tena isika amin'ny lafiny rehetra amin'ny fiainantsika, ka hanana fomba fiaina voalanjalanja tsara, izay mampilamina antsika ara-tsaina sy ara-batana ary ara-panahy.

Raha arahintsika tsara ireo dingana ireo, dia ho azontsika atao ary ho haintsika mihitsy aza amin'ny farany, ny hampihatra ireo fitsipika ara-pahasalamana, ka hazoto hiezaka isika hanatsara kokoa ny fahasalamantsika ara-batana sy ara-tsaina ary ara-panahy. Rehefa ataontsika fahazarana isan'andro ireo torohevitra sy fomba fiaina ireo, dia hampitombo ny fahasalamantsika ary hahafahantsika manatanteraka izay tian'Andriamanitra hataontsika. Tsy mahavonjy antsika mandrakizay ireo fanao ireo kanefa ahafahantsika misoroka ireo fijaliana mbamin'ny aretina ara-batana sy ara-tsaina, izay azo ialana.

Ankoatra izany, ho tontosa ny andraikitra masin'ny fitantanana ny fiainantsika ara-pahasalamana, ary hitombo ny fahavitrihantsika sy ny fahombiazantsika eo amin'ny fiainana eo am-panompoana an'Andriamanitra, ka ho fitaratra ho an'ny hafa isika. Ny fanaovana laharam-pahamehana ny fahasalamana sy ny fahatakarana amin'ny fahafenoany ny atao hoe fitantanam-piainana kristianina, dia manome tanjona ny fiainantsika, mahatonga antsika ho feno fangorahana, fahatokiana, ary fanajana ny zavaboary rehetra. Eo am-piezahantsika ho mpitantana mahatoky ny

fiainantsika sy ny fananantsika, dia aoka tsy hohadinointsika fa ny tena harena dia ao amin'ny fahasalamana sy ny haben'ny fitiavana ary ny fanompoana.

Ny fahaizantsika mikolokolo ny vatantsika, ny talentantsika, ny fifandraisantsika ary ny fananantsika no fanombanana marina ny atao hoe fanambinana. Ho antsika mpino dia voarakitra tsara ao amin'ny foto-pampianarantsika izany foto-kevitra izany, mampahatsiahy antsika mba hanana fiainana feno fanetren-tena sy fankasitrahana ary fanoloran-tena hampiasa ny fanomezam-pahasoavana ananantsika ho amin'ny tsara indrindra. Mila mamaritra indray ny laharam-pahamehantsika isika, sy manokatra ny fomba fijerintsika hahita fa mahafaoka lafin-javatra maro ny fitantanam-piainana. Raha manao izany isika dia hahatahiry ny tena harena marina eo amin'ny fiainana - izay mamelona ny fanahintsika, manatsara ny fiarahamonina misy antsika, ary manome voninahitra an'Andriamanitra sy ny andraikitra masina nankininy tamintsika. Tsy hay tombanana ny hasarobidin'ny fahasalamana tsara.

Raha salama tanteraka isika dia afaka manatanteraka ny nofinofintsika, manorina fifandraisana tsara sy manandanja, mandray anjara amin'ny fanasoavana ny fiarahamonina, ary manampy amin'ny fampandrosoana ny fanjakan'Andriamanitra eto an-tany.

**Fanontaniana hosaintsainina:**

1. Fantatro ve ny laharam-pahamehana eo amin'ny fiainako ary ampifanarahako amin'izany ve ny ataoko?
2. "Ny fahasalamana no fototra iankinan'ny fikasana rehetra." Manohana sa manohitra izany fanambarana izany ny fanandramana iainanao manokana?
3. Nahoana no manampy ahy amin'ny fanompoana an'Andriamanitra sy ny hafa ny fikolokoloako na ny fanatsarako ny fahasalamako?

*“Jehovah ô, sitrano aho, dia ho sitrana; vonjeo aho, dia ho voavonjy; fa hianao no fiderako.”*
***– Jer. 17:14.***

# Atao lohalaharana Andriamanitra ...

## *Ny fomba fiainako*

### Fanoloran-tena:

Miaraka amin’ny fanampian’Andriamanitra, safidiko ny hamolavola **FAHAZARANA** vaovao **MAHASALAMA** ho fanatsarana ny fomba **FANOMPOAKO** an’Andriamanitra sy ny hafa.

## Andro 4

# Fitaovana hoenti-mamita iraka:

## Ireo talenta sy fanomezam-pahasoavana

Alohan'ny hanatanterahantsika ilay iraka voalaza ao amin'ny Mat. 28:19,20, izany hoe ilay Iraka Lehibe, dia zava-dehibe ho antsika ny mahafantatra sy mampiasa ireo fitaovana mety hanamora ny fahombiazantsika eo amin'ny asa fitoriana. Soa ihany, misaotra an'Andriamanitra isika, fa ampahafantarin'ny Baiboly antsika ireo fitaovana hoenti-mamita ny iraka, dia ireo talenta sy fanomezam-pahasoavana izany. Koa tsy kisendrasendra ny nandidian'i Kristy ny mpianany mba hiandry mandra-pahazoan'izy ireo ny hery avy amin'ny Fanahy Masina. "*Fa hahazo hery hianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko (...).*" - Asa. 1:8. Fanomezan'Andriamanitra ho an'ny mpianatra rehetra io hery ara-panahy io. Fampandrosoana haingana ny fitoriana ny filazantsara izany, nanomboka tamin'ny andron'ny apôstôly ka hatramin'izao, *"any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany."* – Asa. 1:8.

Miara-miasa ny fanomezam-pahasoavana sy ny talenta; mifameno mandrakariva ireo mba hampahomby ny asa fitoriana. Koa samy ilain'ny mpanara-dia an'i Kristy na ny talenta na ny fanomezam-pahasoavana mba hahavonona azy tsara ho amin'ny asa fanompoana.

### Ireo talenta sy fanomezam-pahasoavana

Misy itoviany kanefa samy manana ny maha-izy azy ny talenta sy ny fanomezam-pahasoavana. Avy amin'ny tarazo sy ny fianarana ny talenta, ary azo hatsaraina sy atao asa fivelomana, na fialam-boly. Samy mety hanana talenta ny olona tsirairay hatramin'ny vao teraka, na Kristianina izy na tsia, ary azony ampiasaina ho amin'ny tanjona ara-panahy izany na tsia. Saingy tsy toy izany kosa ny amin'ny fanomezam-pahasoavana.





**Paul Sampah**

**Talen'ny Departemantan' ny FIPIKRI**

**Diviziona Afrika Afovoany Andrefana,**

**Abidjan, Côte d'Ivoire.**



Nanazava momba ny talenta sy ny fampitomboana izany i Jesôsy ao amin'ny fanoharana iray nataony tamin'ny mpianany: "*Fa ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny olona izay efa handeha ho any an-tany hafa ka niantso ny mpanompony, dia nanolotra azy ny fananany; koa ny anankiray nomeny talenta dimy, ny anankiray roa, ary ny anankiray iray - samy araka izay fahaizany avy; dia lasa nandeha izy.*" – Mat. 25:14,15.

Ao amin'io fanoharana io dia asehon'i Jesôsy ho zavatra omen'Andriamanitra antsika ny talenta: fahaiza-manao voajanahary, efa ao anatintsika, natao hampiasaina ho fanomezam-boninahitra Azy sy hitaomana ny hafa ho eo Aminy. *"Samy araka ny fahaizany avy";* midika io teny io fa tsy maintsy ampiasaina ho fitaovana hanompoana ny hafa fa tsy hanaovana sitrapo feno fitiavan-tena ireo talenta ireo, araka ny hamafisin'ilay fanontanian'i Kristy hoe: *"Iza moa no mpitandrin-draharaha mahatoky sy manan-tsaina, izay hotendren'ny tompony hifehy ny mpanompony mba hanome azy anjara hanina amin'ny fotoana?"* - Lio. 12:42. Izany hoe, natao hampitomboina sy ampiasaina ho fanompoana ny zanak'Andriamanitra ny talenta. Araka izany, rehefa miverina ny Tompo dia misy fampamoahana sy famaliana araka ny asany avy. Mbola namerina nanazava tamin'ny mpanompony indray i Kristy hoe: "*Sambatra ny mpanompo izay ho hitan'ny tompony fa, indreo, manao toy izany raha avy izy. Lazaiko aminareo marina fa hotendreny ho mpanapaka ny fananany rehetra izy.*" – Lio. 12:43,44.

Ny fanomezam-pahasoavana kosa dia fanomezana avy amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, mba hanomezana hery ny mpino hahazoany mitory ny filazantsara maneran-tany, araka ny voalaza ao amin'ny Mar. 16:15. Azo ampitomboina sy mety ho tonga asa fivelomana na fialam-boly ho an'ny olona iray ny talenta, fa ny fanomezam-pahasoavana kosa dia avy amin'ny Fanahy Masina, handrafetana ny fiangonan'i Kristy. Manazava izany ny ao amin'ny Efes 4:11,12: *"Ary Izy no nanome ny sasany ho Apostoly, ary ny sasany ho mpaminany, ary ny sasany ho evanjelista, ary ny sasany ho mpiandry sy mpampianatra, ho fanatanterahana ny olona masina,*

*ho amin'ny asan'ny fanompoana amin'ny fiangonana."*Raha fintinina, ny talenta dia fahaizana voajanahary nomen'Andriamanitra antsika, ary ny fanomezam-pahasoavana kosa dia vokatry ny asan'ny Fanahy Masina ao anatintsika.

Asongadin'i Paoly fa tsy maintsy manana fanomezam-pahasoavana avy amin'ny Fanahy Masina ny Kristianina, farafahakeliny anankiray, mialoha ny hirotsahany amin'ny asa fitoriana. Tena ilain'ny mpino rehetra izany. Mampitandrina ny mpino izy mba tsy hiankina amin'ny fahaizany na ny talentany fotsiny eo am-panaovana asa fanompoana, ka hoy izy ao amin'ny 1 Kôr. 12:1–7: *"Ary ny amin'ny zava-panahy, ry rahalahy, dia tsy tiako tsy ho fantatrareo. (...) izy rehetra dia samy nomena ny fampisehoana ny Fanahy hahasoa."*

Avy eo dia manazava i Paoly fa tsy ao amin'ny olona tokana tsy akory no isehoan'ireo fanomezam-pahasoavana rehetra avy amin'ny Fanahy Masina. Ny tsirairay avy kosa dia samy omena araka izay faritan'ny Fanahy Masina ho azy avy, araka ny voalaza ao amin'ny 1 Kôr. 12:8–11 hoe: *"Fa ny anankiray nomen'ny Fanahy teny fahendrena, ary ny anankiray teny fahalalana, araka izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray finoana, amin'izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray fanomezam-pahasoavana ho enti-mahasitrana, amin'izany Fanahy iray izany ihany, ary ny anankiray ny manao fahagagana, ary ny anankiray ny maminany, ary ny anankiray ny mahafantatra fanahy samy hafa, ary ny anankiray ny miteny amin'ny fiteny samy hafa tsy fantatra, ary ny anankiray ny mandika fiteny tsy fantatra. Ireo rehetra ireo dia asan'ny Fanahy iray ihany, zarazarainy ho azy rehetra avy araka ny sitrapony."*

Koa mampahery antsika i Paoly hoe: "*satria samy manana fanomezam-pahasoavana samy hafa isika, araka ny fahasoavana izay nomena antsika: raha faminaniana, dia aoka hatao araka ny ohatry ny finoana (...).*" - Rôm. 12:6 (sy ny manaraka).

Ankoatra izany, hoy i Petera ao amin'ny 1 Pet. 4:10: "*Samia mifanompo araka ny fanomezam-pahasoavana izay noraisinareo, dia tahaka ny mpitandrina tsara ny fahasoavana maro samy hafa izay an'Andriamanitra.*" Koa satria samy manana anjara atao ho fampandrosoana ny filazantsara ny Kristianina rehetra, mino ve ianao fa manana anankiray na ny sasany amin'ireo fanomezam-pahasoavana ireo? Raha eny, azonao antoka ve fa ampiasainao ho fanompoana ny hafa sy ho fitoriana ny filazantsara izany?

### Ny valisoan'ny fampiasana ny talenta sy ny fanomezam-pahasoavana ho fanompoana ny hafa

Manazava bebe kokoa ny amin'ny talenta sy ny fanomezam-pahasoavana ny bokin'ny Fanahin'ny Faminaniana. Nanoratra toy izao i Ellen G. White: "*Azo atolotra ho an'i Jesôsy toy ny fanomezana masina sy voatokana ny talenta faran'izay kely indrindra sy ny fanompoana faran'izay bitika indrindra, ary dia hasehony eo anatrehan'ny Ray izany, miaraka amin'ny fofo-manitry ny fahamendrehany manokana. Raha atolotsika izany fanomezana izany ka tsotra ny fontsika, feno fitiavana an'Andriamanitra, ao anatin'ny faniriana lalina ny hanompo an'i Jesôsy, dia hekena amin'ny fahafenoany izany. Afaka mihary harena any an-danitra ny tsirairay. Ny olona rehetra dia mety 'hanankarena amin'ny asa tsara, hazoto manome*

*sy miantra, ka dia hihary fanorenana tsara ho an'ny tenany ho amin'ny andro ho avy, mba hihazonany ny tena fiainana.'* – 1 Tim. 6:18,19." – *Torolalana ho amin'ny fahaiza-mitantana*, t. 177.

#### Famaranana

Izao no voalazan'ny Fanahin'ny faminaniana: *"Na manao ahoana ny habe na hakelin'ny talenta anananao, dia tsarovy fa nomena anao ireo ho fanehoam-pitokisana ihany. Tsapain'Andriamanitra ianao hahafahanao maneho raha marina ianao. Ananany trosa mikasika ireo fahaizana rehetra ireo ianao.* ***Azy ny herim-batana, herin-tsaina, herim-panahy anananao ary ho Azy no hampiasana ireo rehetra ireo.*** *Ny fotoananao, ny hery miasa mangina avy aminao, ny fahaizanao, ny hakinganao, dia hampamoahina eo anatrehany Izay nanome ireny. Izay mitady hanatanteraka amin'ny fo rehetra ny drafitra lehiben'Andriamanitra hanavotana ny olombelona no mampiasa amin'izay tsara indrindra ny talentany."* - *Testimonies for the Church*, b. 7, t. 281.

Koa zava-dehibe ny ahafantarantsika ny talentantsika sy ny fanomezam-pahasoavana nomen'ny Fanahy Masina antsika, ka anombohantsika mampiasa izany araka ny tokony ho izy ho fanompoana ny hafa.

Tena zava-dehibe ny fahatakarana fa ny fanantenana ny fitsanganan'ny olo-masina amin'ny maty dia mifototra amin'ny fampiasana ireo fitaovana ara-panahy toy ny talenta sy ny fanomezam-pahasoavana. Ny fampiasana tsara ireo fitaovana ireo dia manomana antsika ho isan'ireo olo-masina izay hitsangana amin'ny maty ary hitsena an'i Jesôsy amin'ny fiaviany fanindroany, mba hoentina any amin'ny fanjakan'ny lanitra araka ny teny fikasana. Ambaran'ny Fanahin'ny Faminaniana fa: "Ny saina, ny fahendrena, ny talenta ananan'ny olona, dia fanomezana avy amin'Andriamanitra natao hampiasaina ho voninahiny, ho fanorenana ny fanjakany mandrakizay. Ny toetra amam-panahy no zava-dehibe eo imason'ny lanitra, ary izany no haharitra hatramin'ny fotoana ivoahan'ny olona amin'ny fasana, ary homem-boninahitra amin'ny tsy fahafatesana mandrakizay. (…) Ireo izay nahay nisitraka ny fahasoavan'i Kristy ihany, fahasoavana izay nahatonga azy ireo ho mpandova an'Andriamanitra sy mpiara-mandova amin'i Jesôsy, no hitsangana avy ao am-pasana, mitondra ny endriky ny Mpanavotra azy." - *Selected Messages*, b. 1, t. 258).

"Azy ny herim-batana, herin-tsaina, herim-panahy anananao ary ho Azy no hampiasana ireo rehetra ireo."
- Testimonies for the Church, b. 7, t. 281.



## Fanontaniana hosaintsainina:

1 Azonao antoka ve fa ampiasainao tsara ireo fitaovana ireo (talenta sy fanomezam-pahasoavana), izay nomena ny mpino rehetra, anisan'izany ianao?

2 Azonao antoka ve fa amin'ny fampiasanao ny talentanao sy ny fanomezam-pahasoavana anananao, dia mihary harena any an-danitra ianao, izay hahatonga anao ho isan'ireo olo-masina hitsangana amin'ny maty sy hiaraka amin'i Jesôsy any amin'ny fanjakany?

3 Mampanano sarotra anao ve ny mampiasa ireo talenta sy fanomezam-pahasoavana ireo ao an-tanim-boaloboky ny Tompo? Raha eny ny valinteninao, inona ny fanovana ataonao manomboka anio?



# Atao lohalaharana Andriamanitra ...

## *Ny fomba fiainako*

*“Akory ny hatsaran’ny tongotr’irỳ mitondra teny soa mahafaly erỳ an-tendrombohitra sady mitory fiadanana! Dia izay mitondra teny soa mahafaly sady mitory famonjena, eny, izay manao amin’i Ziona hoe: Mpanjaka Andriamanitrao!”* – Isa. 52:7.

### Fanoloran-tena:

**Miaraka amin’ny fanampian’Andriamanitra, safidiko ny hanokana fotoana tsy tapaka isan-kerinandro, HIASAKO ho an’Andriamanitra, hampielezako ny VAOVAO MAHAFALY amin’ny hafa, amin’ny alalan’ny fampianarana Baiboly, ny tarika madinika, sns.**

# Andro 5

# Ny karipetran'ny fotoana: manome lanja ny minitra tsirairay

Misy tantara notantarain'i Jorge Bucay momba ny mpikapa hazo anankiray tonga nitady asa tao amin'ny toerana iray fanapahana hazo any anaty ala. Tsara ny karama ary tsara kokoa noho izany ny fepetra mahakasika ilay asa. Nanapa-kevitra araka izany ilay mpikapa hazo fa haneho sary tsara momba ny tenany sy ny fomba fiasany. Ny andro voalohany dia nampahafantatra ny tenany tamin'ny lehibeny izy. Nomen'io lehibeny io famaky izy ary natorony azy ny faritra natao hiasany ao anaty ala. Nientanentana aoka izany ity lehilahy ity raha nankao anaty ala mba hikapa ireo hazo.

Hazo valo ambin'ny folo no voakapany tao anatin'ny iray andro monja. "Mahafinaritra!" hoy ilay lehibeny taminy. "Tohizo fa tsara."

Rehefa nahazo fandrisihana avy tamin'ny tenin'io lehibeny io ity mpikapa hazo ity, dia nanapa-kevitra ny hanao tsaratsara kokoa noho izany ny andro manaraka. Natory aloha izy ny alin'io. Nony maraina dia nifoha talohan'ny fifohazan'ny olona rehetra izy ary nandeha tany an'ala.

Na dia niezaka mafy araka izay tratrany indrindra aza izy, dia tsy nahakapa hazo mihoatra ny dimy ambin'ny folo. "Mety reraka aho angamba" hoy ny eritreriny. Nanapa-kevitra ny hatory aloha kokoa izy ny alin'iny.

Nifoha izy raha vao mangiran-dratsy, tapa-kevitra ny hikapa hazo mihoatra ny valo ambin'ny folo, izay betsaka indrindra vitany. Tsy nahatratra ny antsasak'izay akory anefa ny hazo voakapany ny androtr'io; ary ny andro manaraka, dia fito ihany ny hazo voakapany, avy eo tonga dimy izany. Ary tamin'ny andro farany, dia nandany ny folakandro tamin'ny fiezahana hikapa ny hazo faharoa nokapainy nandritra ny tontolo andro izy. Nampitebiteby azy izay mety holazain'ny lehibe aminy, ka lasa izy nanatona azy mba hampahafantatra azy ny zava-nitranga; nianiana tamin'ilay lehibeny izy fa tena niasa mafy tokoa.



**Heli Otamo-Csizmadia**

**Talen'ny departemantan'ny FIPIKRI any amin'ny Diviziona Trans-Eorôpeanina, St, Albans, Royaume-Uni.**



Nanontany azy ilay lehibeny hoe: "Oviana ianao no nandranitra ny famakinao farany?"

"Nandranitra hoe?" hoy ity mpikapa hazo. "Tsy nanam-potoana handranitana famaky aho fa variana loatra nikapa hazo."

### Tsy hay fehezina ny fotoana

"Tsy nanam-potoana aho…" Singa iray eo amin'ny fiainantsika izay misy fiantraikany lehibe eo amintsika ny fotoana. Ahoana no ampiasantsika izany, ary inona no ataontsika mba hampiasana araka ny tokony ho izy indrindra ny fotoana iray? Ampahan-javatra iray eo amin'ny fiainana izay mihazakazaka mandrakariva ny fotoana; tsy mba mijanona izany, ary tsy misy na inona na inona azontsika atao mba hamerenana indray ny fotoana efa lasa. Singa iray manan-danja eo amin'ny fiainantsika ny fotoana, saingy tsy voafehintsika.

Amin'ny maha-olombelona antsika, dia tiantsika ny manana fifehezana - ampahany amin'ny toetsika izany, ary koa mandrafitra ny maha-isika antsika sy ny fiainantsika. Manazava momba ny ilantsika mifehy ny manam-pahaizana momba ny toetra anankiray: "mba hahazoana ny vokatra izay andrasana, dia fihetsika amam-pitondrantena samy hafa no ampiasaina ao anatin'ny toe-javatra samy hafa. Ny fampiasana fomba samy hafa mba hanatrarana ny vokatra iray izay andrandraina no maneho ny fisian'ny fifehezana. Fomba fiaina mihitsy ny fifehezana." - Timothy A. Carey, "The Being of Humans," Psychology Today, 9 Oktôbra, 2015, htps://www.psychologytoday.com/sg/blog/in-control/201510/thebeing-humans. Midika izany rehetra izany fa tokony hovahantsika ny olan'ny tsy fahafahantsika mifehy ny fotoana eo amin'ny fiainantsika andavanandro. Tsy ho azontsika ahena na afainganina ny fizotry ny fotoana, ary tsy ho azontsika aato ny fihodin'izany. Ny azontsika atao dia ny mianatra miasa ao anatin'ny fetra apetrany ary manaraka ny fizotrany. Mitaky fifandanjana eo amin'ny faniriantsika hifehy ny toe-javatra sy ny fanekena ny tsy fahafahantsika mifehy ny fotoana izany.

### Ahoana no ataontsika mba tsy ho verivery foana ny fotoana?

Nisaintsaina mikasika io fanontaniana io koa ny mpanjaka Sôlômôna ary nohazavainy araka izay tratrany tao anatin'ny tononkalo anankiray ny toe-javatra ahitana fifanoherankevitra: "*Ny zavatra rehetra samy manana ny fotoany avy, ary samy manana ny androny avy ny raharaha rehetra aty ambanin'ny lanitra: ao ny andro ahaterahana, ary ao ny andro ahafatesana*; *ao ny andro ambolena, ary ao ny andro anongotana ny nambolena; ao ny andro amonoana, ary ao ny andro anasitranana; ao ny andro andravana, ary ao ny andro ananganana; ao ny andro itomaniana, ary ao ny andro ihomehezana; ao ny andro isaonana, ary ao ny andro andihizana; ao ny andro anariam-bato, ary ao ny andro anangonam-bato; ao ny andro anohonana, ary ao ny andro ifadiana tsy hanohona; ao ny andro itadiavana, ary ao ny andro ahaverezana; ao ny andro itehirizana, ary ao ny andro anariana; ao ny andro andriarana, ary ao ny andro anjairana; ao ny andro anginana, ary ao ny andro itenenana; ao ny andro itiavana, ary ao ny andro ankahalana; ao ny andro iadiana, ary ao ny andro ihavanana*." - Mpitt. 3:1-8.

Tsy ny fihazakazaky ny fotoana izay tsy azo ialana no ifantohan'io tononkalo eo ambony io fa ny fisian'ny fotoana manokana samy hafa. Manana fironana isika hihevitra ny fotoana ho toy ny zavatra ho avy ihany ka mampifantoka ny masontsika amin'ny toe-javatra ho avy izay tsy mbola nitranga. Ambaran'i Sôlômôna anefa fa manana ny lanjany ny fotoana tsirairay, fotoana iatrehana zavatra anankiray izany: ny fotoana iasana, ahaverezana, ankahalana, anohonana, anorenana, itiavana na koa ihavanana.

Tohizany ao amin'ny and. 9-15 ny fisaintsainany: "*Inona no soa azon'ny miasa amin'izay isasarany? Efa hitako ny asa mampahory izay nomen'Andriamanitra ny zanak'olombelona hisasarany. Ny zavatra rehetra samy nataony ho miendrika amin'ny fotoany avy; ary ny mandrakizay dia efa nataony tao am-pony, kanefa tsy hitan'ny olona ny asan'Andriamanitra hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany. Fantatro fa tsy misy tsara amin'ny olombelona afa-tsy ny mifaly sy ny manao tsara, raha mbola velona koa izy. Ary koa, raha mihinana sy misotro ary finaritra amin'ny fisasarany rehetra ny olombelona, dia fanomezan'Andriamanitra izany. Fantatro fa izay rehetra ataon'Andriamanitra dia haharitra mandrakizay; tsy azo ampiana ary tsy azo analana izany; ka dia ataon'Andriamanitra matahotra eo imasony ny olona. Izay atao izao dia efa natao fahiny; ary izay mbola ho avy dia efa nisy fahiny ihany koa; ary mbola tadiavin'Andriamanitra indray izay efa lasa*."

Voalohany, Andriamanitra no nanome antsika ny fotoana sy ny "fahatsapana ny lasa sy ny hoavy." Midika izany fa tsy misy zavatra ratsy ao anatin'ny fotoana amin'ny maha-fotoana azy, satria "*tsy azo ampiana ary tsy azo analana izany,"* satria efa nataon'Andriamanitra araka izany. Ho fanampin'izany, hitan'Andriamanitra fa tsara ny hanomezana asa hosahanin'ny tsirairay, mba hahazoany soa sy tombony avy amin'ny asany. Ankoatra izany dia omeny antsika ny hanintsika isan'andro, ary tsy izany ihany, fa omeny fifaliana koa isika eo amin'ny asa tanterahintsika. Efa nomen'ilay Andriamanitsika izay ilaintsika sy irintsika. Ambaran'ireo andalan-teny ireo fa misy ny zavatra rehetra ao amin'Andriamanitra. Inona àry no mbola hirintsika mihoatra noho izany?

### Ny fanatrehan'Andriamanitra no zavadehibe indrindra

"(…) *ka dia ataon'Andriamanitra matahotra eo imasony ny olona*." Lazalazain'i Sôlômôna amintsika izay tokony hifantohantsika isaky ny ampahany tsirairay amin'ny fotoana. Na dia

mampifantoka ny saintsika amin'ny hoavy aza ny fotoana, noho izy miroso hatrany mankamin'ny toe-javatra ho avy, dia tokony hifantohantsika koa ny fotoana izay atrehintsika amin'ny ankehitriny. Tsy ny fiainana ao anatin'ny fotoana iray manokana ihany anefa no tokony himasoantsika, fa ny fanorenana sy ny fihazonana fifandraisana amin'Andriamanitra koa, ny fahatakarana ny momba Azy sy izay nomeny antsika ary ny haben'ny fiahiany sy ny fitiavany antsika. Avy amin'izany fotoana ifandraisana amin'Andriamanitra sy ianteherana Aminy izany ny hery hoentintsika miaina amin'ny hoavy sy hiatrehantsika ny toe-javatra hoentiny.

Ambaran'Andriamanitra ny lanjan'ny fotoana tsirairay izay ifantohantsika amin'ny Fanatrehany. "*Ary tamin'ny andro fahafito dia vitan'Andriamanitra ny asa efa nataony; ary dia nitsahatra tamin'ny andro fahafito Izy tamin'ny asany rehetra izay efa nataony. Ary Andriamanitra nitahy ny andro fahafito sy nanamasina azy, satria tamin'izany no nitsaharan'Andriamanitra tamin'ny asany rehetra izay noforoniny tamin'ny nanaovany azy*." - Gen. 2:2,3. Fotoana iray manokana hanaovantsika fampiharana ny Sabata, mba hitsaharantsika, hanokanana fotoana hisaintsainana sy hifantohana amin'Andriamanitra. Ny Sabata no manome tombontsoa hahafahantsika mampitombo ny fahazarana mampifantoka ny herintsika amin'izay tena manan-danja: ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra. Fampiharana atao indray mandeha isan-kerinandro ny Sabata, izay mahatonga ny fifandraisana amin'Andriamanitra ho fahazarana isan'andro. Ny Sabata dia manampy antsika hahatakatra fa ilaintsika ny mifantoka amin'ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra. Ny fitandremana ny Sabata dia mampianatra antsika ny tombambidin'ny fifantohana, izay hanjary fahazarantsika isan'andro.

Mila 66 andro eo ho eo ny famoronana fahazarana anankiray. Mihoatra noho ny roa volana kosa no ilaina ho an'ny fanovana ny fahazarantsika, rehefa avy nandray fanapahan-kevitra feno fifehezan-tena isika. Misy fandinihana natao izay naneho fa mety hahatratra hatramin'ny valo volana ny fanorenana fahazarana vaovao. Soa ihany, fa miasa ao anatin'izany dingam-pivoarana izany ny famindrampo, ary hitan'ny mpanao fikarohana fa "tsy nisy fiantraikany teo amin'ny fiforonan'ny fahazarana ny fandinganana fotoana iray tokony nampiharana izany fahazarana izany." - Philippa Lally et al, "How the Habits Formed: Modelling Habit Formation in the Real World," European Journal of Social Psychology 16, no. 6 (2009): 998-1009. htps://doi.org/10.1002/ejsp.674. Araka izany, ny tsy fahombiazana, indraindray, dia tsy midika fa tapitra hatreo ny dingana tsikelikely mankamin'ny fiovana.

#### Manisa ny minitra...

Araka izany, mba hianarantsika tsy handanilany foana ny minitra tsirairay, dia tsy maintsy fantarintsika aloha izay manan-danja indrindra: Andriamanitra sy ny Fanjakany: "*Fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany, dia hanampy ho anareo izany rehetra izany*" - Mat. 6:33. Aorian'izany ny fiainana izay miova amin'ny alalan'ny fampiharana ny fitsaharana amin'ny andro Sabata sy ny fifaliana amin'ny fiainana ao anatin'ny fotoana ankehitriny. Hiteraka fomba fitondrantena vaovao ny fampifandraisana ireo singa roa ireo. Ny fifandraisana amin'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra no hitarika ho amin'ny fijoroana tsara eo am-piatrehana ny hoavy sy izay rehetra hoentiny.

Moa tsy izao ve ny fotoana tokony hanazarantsika ny saintsika sy hianarantsika hiaina amin'ny fahafenoany amin'ny fotoana ankehitriny miaraka amin'ny fananana toky fa manatrika eo Andriamanitra?

Ny fifandraisana amin'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra no hitarika ho amin'ny fijoroana tsara eo am-piatrehana ny hoavy sy izay rehetra hoentiny.



**Fanontaniana hosaintsainina:**

1 **Moa ve inoako fa manatrika eo Andriamanitra eo amin'ny fiainako isan'andro?**

2 **Haiko ve ny mampangina ireo zava-tsarotra eo amin'ny fiainana andavanandro izay ao an'eritreritro mba hifantohako amin'ny toetran'Andriamanitra?**

3 **Ahoana ny drafitra hataoko ho amin'ireo volana manaraka mba hahafahako mamorona fahazarana mitsahatra eo anatrehan'Andriamanitra?**

*"Sambatra ny zanak'olombelona izay manao izany, ary ny zanak'olona izay mitana izany, dia izay mitandrina ny Sabata ka tsy manao azy ho tsy masina sady miaro ny tanany tsy hanao izay ratsy akory."* **- Isa. 56:2**



# Atao lohalaharana Andriamanitra ...

## *Ny fomba fiainako*

**Fanoloran-tena:**

**Miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra, safidiko ny hitandrina ny Sabata, ny hiomana ho amin'izany mandritra ny henemana, ny hanaja ireo fefy tsy natao hihoarana, ny hisaina araka izay tokony hosainina, ary ny hanao ny asa mety hatao amin'ny Sabata.**

## Andro 6

# Ireo fototra iorenan'ny famerenana ny ampahafolony

Raha mahita kanetibe mihevaheva eny amin'ny rivotra ianao, dia azo antoka fa hanontany tena ny amin'ny zavatra tsy hita maso mampihantona izany. Tahaka izany koa, eo amin'ny fiainantsika, isaky ny misy olona (na ianao mihitsy) manana fahazarana na fomba fiaina iray manokana, dia misy mandrakariva ireo finoana sy faharesendahatra izay niasa ka nahatonga antsika hanao izany, izay ants oiko hoe "zavatra tsy hita maso mihazona" antsika hanao izany. Mihatra amin'ny famerenana ny ampahafolony izany fitsipika izany, izay vokatry ny finoana avy ao anaty. Isaky ny tsy ao izany finoana fototra izany na koa tsy azontsika antoka, dia miato na manjary enta-mavesatra ny famerenana ny ampahafolony. Hiverenantsika jerena ireo finoana manandanja ireo amin'izao andro fahenina amin'ny herinandro fifohazana ho an'ny fitantanam-piainana kristianina izao:

### Andriamanitra no tompom-pananana

Ny finoana ny maha-tompom-pananana an'Andriamanitra no hery manosika ny olona hamerina ny ampahafolony. Manerana ny Baiboly dia maro ireo andalan-teny manambara fa an'Andriamanitra ny zavatra rehetra eto amin'ity planeta Tany ity. Ny Sal. 24:1, ohatra, dia mivaky toy izao: "*An'i Jehovah ny tany sy izay rehetra eo aminy. Izao rehetra izao sy ny mponina eo aminy*." Ho fanampin'izany, dia ambaran'ny Sal. 50:10 hoe: "*Fa Ahy ny biby rehetra any an'ala, sy ny biby fiompy arivoarivo eny an-tendrombohitra*." Manasongadina mazava ny maha-tompon'ny zavatra rehetra an'Andriamanitra ireo toko sy andininy ireo. Azy ny tany sy izay rehetra eo aminy. Azy ireo biby fiompy marobe miely eny amin'ny havoana sy ny lohasaha an'arivony. Ary ambonin'ny zavatra rehetra, Azy ireo olona izay monina eo amin'ny tany. Toy ny milaza Izy hoe: "Ahy ireo izay mitonona ho tompon'ny fananany." Raha manana biby fiompy ny olona iray, dia izao no ambaran'Andriamanitra aminy: "Tsy ireo biby fiompy izay heverinao fa anao ihany no Ahy fa ianao koa."Fananan'Andriamanitra avokoa ireo rehetra ireo.



**Mundia Liywalii**

Talen'ny departemantan'ny FIPIKRI any amin'ny Diviziona Afrika Atsimo sy Ranomasimbe Indianina, Pretoria, Afrika Atsimo.



An'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Famoronana ny zavatra rehetra: "*Fa henemana no nanaovan'i Jehovah ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina mbamin'izay rehetra ao aminy, dia nitsahatra Izy tamin'ny andro fahafito; izany no nitahian'i Jehovah ny andro Sabata sy nanamasinany azy*." - Eks. 20:11. Iza koa no afaka hilaza fa izy no niavian'ny aina sy ny zavatra rehetra? Iza koa no afaka hilaza fa efa nisy izy talohan'izao tontolo izao ary tsy mety maty? Raha tsy misy afaka manao izany, dia Andriamanitra no tokony hekena ara-dalàna ho Tompon'ny tany sy izay rehetra eo aminy.

Zava-dehibe ny fahatsiarovantsika ny hevitra iray manan-danja mahakasika ny maha-tompom-pananana an'Andriamanitra. Na dia natao hitondra soa ho an'ny olombelona aza ny Famoronana nataon'Andriamanitra, dia misy fikasana lalina kokoa ao amin'izany. Nanasongadina izany hevitra izany ny apôstôly Paoly ao amin'ny hafany ho an'ny fiangonana tany Kôlôsia: "*fa tao aminy no nahariana ny zavatra rehetra any an-danitra sy ety ambonin'ny tany, dia ny hita sy ny tsy hita, na fiandrianana, na fanjakana, na fanapahana, na fahefana, Izy no nahariana ny zavatra rehetra, sady ho Azy izany*." - Kôl. 1:16.

Tsy nahary ny "zavatra rehetra" tamin'ny alalan'i Jesôsy fotsiny Andriamanitra, fa mitondra mandrakariva ny anarana maha-Tompom-pananana Azy koa i Jesôsy. Azon'ny olombelona ampiasaina ireo harena an-kibon'ny tany sy ireo harena hafa hita manerana ny tany, saingy tsy azy ireo izany. Zarain'i Jesôsy amintsika ny Fananany mandritra ny "fotoana fohy anaovantsika ny adidintsika" eto an-tany, ary ilaozantsika izany rehefa maty isika. Amin'ny maha-tsy mety maty an'i Jesôsy, dia hazoniny ny maha-Tompo sy mpanapaka ny zavatra rehetra eto an-tany Azy ary tsy natolony na ho an'iza na iza velively izany toerana maha-tompom-pananana Azy izany.

Tsy misy na inona na inona eto an-tany izay tsy voalaza fa an'Andriamanitra: "*Ahy ny volafotsy, ary Ahy ny volamena, hoy Jehovah, Tompon'ny maro*." - Hag. 2:8. Ny ampahafolony no mampahatsiahy antsika mandrakariva fa an'Andriamanitra ny zavatra rehetra. Fintinin'i Ellen G. White izany hevitra izany ka ambarany fa tokony haverina amin'Andriamanitra, ilay Tompom-pananana manan-jo feno, ny ampahafolony: "*Mamelatra ny tanany eo amin'ny ampahafolony, sy*

*eo amin'ny fanatitra sy ny fanomezana hafa, Andriamanitra, ka milaza hoe: 'Ahy ity. Rehefa nankiniko taminao ny fananako, dia nomarihiko tsara fa misy ampahany tokony ho anao, mba hampiasaina ho amin'izay ilainao, ary misy ampahany tokony haverina Amiko*." - Torolalana ho amin'ny fahaiza-mitantana, t. 47.

Teraka avy amin'ny faharesen-dahatra ny amin'ny maha-Tompon'ny zavatra rehetra an'Andriamanitra ny fahazotoana mamerina ny ampahafolony. Hanimba ny fomba fanao feno fahatokiana amin'ny famerenana ny ampahafolony ny fiadian-kevitra momba ny maha-Tompom-pananana an'Andriamanitra. Ny famerenana ny ampahafolony kosa dia fiaikena fa Tompo sy Mpamorona an'izao rehetra izao Andriamanitra.

### Faritan'Andriamanitra mazava tsara ny ampahafolony

Izao no finoana fototra faharoa izay mampahafantatra momba ny famerenana ny ampahafolony sy mampiasa hery miasa mitaona ho amin'izany: mazava ny fanambaran'Andriamanitra. Folo isan-jato no atao hoe ampahafolony. Rehefa miteny Andriamanitra ao amin'ny Mal. 3:10 hoe: "*Entonareo ny fahafolon-karena rehetra ho ao amin'ny trano firaketako, mba hasian-kanina ao an-tranoko, ary izahao toetra amin'izany Aho, hoy Jehovah, Tompon'ny maro, raha tsy hovohàko ny varavaran'ny lanitra ho anareo ka hampidinako fitahiana manana amby ampy ho anareo*," dia isan-jatony voafaritra tsara no tiany hambara amin'izany, fa tsy izay manakaikikaiky izany na koa ambonin'izany. Mazava ny fanambarany mba hisorohana ny tsy fahazoan-kevitra mahakasika izay andrasany amintsika. Tsy azo atao hoe ampahafolony izany raha tsy folo isan-jato.

Tokony hotsaroantsika fa Andriamanitra mampiasa tarehimarika ilay Andriamanitsika. Mahita ohatra maro momba izany isika, toy ny andro fiton'ny Famoronana, ny 30 andro ao anatin'ny iray volana, ny Didy folo, ireo fokon'ny Isiraely 12, ireo fanorenana 12 an'i Jerosalema Vaovao, ireo apôstôly 12, ary ny 2300 andro sy ireo hafa koa.

Manana heviny lehibe ho an' Andriamanitra sy ho an'ny olombelona ny tarehimarika. Amin'ny tarehimarika no ikajiana ny karamantsika, ary malahelo isika raha toa omena latsak'izany nefa tsy misy fanazavana. Tarehimarika no anisana ny taonantsika. Andro no anisana ireo fotoam-pialantsasatra. Eny fa na ny taratasim-panafody avy any amin'ny mpitsabo aza dia ahitana tarehimarika. Rehefa jerena ny lanjan'ny tarehimarika eo amin'ny fiainantsika, nahoana moa isika no mihevitra fa tsy tokony hahasarotiny an'Andriamanitra ny isan-jatony voafaritra tsara izay averintsika Aminy ho ampahafolony?

Azon'Andriamanitra natao ny namaritra isan-jatony hafa ho mariky ny maha-tompom-pananana Azy. Azony natao ny nilaza ny tarehimarika manakaikikaiky izany, nefa tsy nanao izany Izy fa nifidy ny hanonona ny tarehimarika voafaritra mazava tsara. Takin'izany famaritan'Andriamanitra mazava izany koa ireo izay mamerina ny ampahafolony mba hamaritra mazava tsara ny ampahafolony, mba hahatonga izany hahafeno ny fepetra mahamarina azy.

Tsy namela na iza na iza hamaritra ny fatran'ny maha-tompom-pananana Azy Andriamanitra. Izy, ilay Tompon'ny fananana, no nifidy izany noho ny antony izay Izy irery no mahalala azy. Koa satria voafaritra mazava tsara ny ampahafolony, ireo izay maniry ny hamerina ny ampahafolony dia tokony hanao izay hahazoany antoka fa marina tsy anampiana tsy analana ny ampahafolony averiny. Azo inoana tokoa fa izany no antony ananaran'ny Fanahin'ny Faminaniana antsika hoe: "*Aoka haverina Aminy amin'ny fomba hentitra sy amim-pahitsiana ary amim-pahatokiana io ampahany io*." - Torolalana ho amin'ny fahaiza-mitantana, t. 89.

### Asa mitory finoana ny famerenana ny ampahafolony

Ny hevitra fototra fahatelo izay manohana ny famerenana ny ampahafolony dia ny finoana. Raha tsy misy ny finoana, dia fihaikana lehibe ny famerenana ny ampahafolony. Antso mba hampiasana ny finoana no atao ao amin'ny Mal. 3:10, izay miantso ny olona hanandrana ka hizaha raha toa Andriamanitra hanokatra ny varavaran'ny lanitra. Mitana anjara toerana manan-danja eo amin'ny famerenana ny ampahafolony ny finoana noho ny amin'ireto antony tanisaina manaraka ireto:

## 1 Hihazona ny teny nomeny Andriamanitra

Mitaky finoana ny famerenana ny ampahafolony na dia tsy mbola mahita ny fitahian'Andriamanitra akory aza isika. Mihazona an'Andriamanitra amin'ny Teniny ny finoana. Tsy mamerina ny ampahafolony ny olona sasany satria tsy mahalala ny momba izany. Ny hafa indray tsy mamerina ny ampahafolony, tsy noho ny tsy fananany vola fa noho ny tsy fananany finoana.

Na dia mandiso fanantenana antsika aza ireo izay itokiantsika indrindra, dia mahatoky kosa Andriamanitra. Azontsika hazonina amin'ny teny nomeny Izy. Manome toky antsika ny Nom. 23:19: "*Andriamanitra tsy mba olona ka handainga, na zanak'olombelona ka hanenina; moa efa nilaza va Izy, ka tsy hefainy? Na efa niteny va Izy, ka tsy hotoviny?*" Izao no hitantsika ao amin'ny Jos. 21:45: "*Tsy nisy latsaka na dia kely akory aza ny zava-tsoa rehetra izay nolazain'i Jehovah tamin'ny taranak'Isiraely; fa tanteraka avokoa izany rehetra izany*." Manjary mora ny mamerina ny ampahafolony satria mihazona ny teny nomeny Andriamanitra. Izay rehetra efa namerina tsy tapaka ny ampahafolony dia afaka mijoro ho vavolombelona momba ny fahatokian'Andriamanitra.

## 2 Mitombina ny toe-javatra tsy araka ny lôjika

Ny famerenana ny ampahafolony avy amin'ny vola miditra izay tsy ampy hiveloman'ny olona anankiray akory dia toa tsy araka ny lôjika ary koa mitaky finoana. Ahoana no hahatonga ny vola efa tsy ampy hiveloman'ny olona iray ho sahaza rehefa avy namerenana ny ampahafolony? Moa ve izany tsy mifanohitra amin'ny lôjika? Manasa antsika Andriamanitra mba hizaha toetra Azy. Mihoatra ny lôjika tokoa ny famerenana ny ampahafolony.

Mampahatsiahy ahy ny fanandramana niainan'ireo mpianatra rehefa avy nanarato nandritra ny alina izany, araka izay voarakitra ao amin'ny Lio. 5:4-6: "*Ary rehefa nitsahatra niteny Jesosy, dia hoy Izy tamin'i Simona: Mandrosoa ho any amin'ny lalina, dia alatsaho ny haratonareo hahazoana hazandrano. Fa Simona namaly ka nanao hoe: Tompoko, mandritra ny alina no efa nikelezanay aina, nefa tsy nahazo na inona na inona; kanefa noho ny teninao, dia halatsako ihany ny harato. Ary rehefa nataony izany, dia nahazo hazandrano be dia be izy, ka efa nisy triatra ny haratony*."

Toa tsy araka ny lôjika ny hoe manantena hahazo trondro amin'ny antoandro rehefa tsy nahomby nandritra ny alina. Noho ny toromarika nomen'i Jesôsy azy ireo anefa, dia nalatsany ihany ny haratony ka "*nahazo hazandrano be dia be izy.*" Tahaka izany koa, heverina fa tsy araka ny lôjika ny mamerina ny ampahafolony nefa tsy ampy aza ny fitambaran'ny vola miditra ary koa ny miandrandra fa ampy hahavelona izay ambin'ny ampahafolony. Na izany aza, noho ny fampanantenan'Andriamanitra fa handrotsa-pitahiana Izy, dia mbola mamerina

ny ampahafolony ihany isika, na dia toa mifanohitra amin'ny lôjika aza izany.

Ry zanak'Andriamanitra, aza matahotra andrao hoe hitondra fahoriana ho anao ny famerenana ny ampahafolony. Miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra, dia ho ampy hivelomanao mihoatra noho ny vola izay tsy nanalana ampahafolony ny vola ambin'ny ampahafolony. Nanipika izany i Ellen G. White raha nanoratra hoe: "Ireo mamerina ny ampahafolony amin'ny Tompo dia hahatsapa ny fahamarinan'izao: manan-danja lavitra noho ny folo ampahafolony ny sivy ampahafolony."- Pacific Union Recorder, 10 Oktôbra 1901.

### Famaranana

Mamelà ahy hamerina ny fitanisana ireo fitsipika fototra telo momba ny ampahafolony. Voalohany, Andriamanitra no tompon'ny zavatra rehetra eto an-tany. Averina Aminy ny ampahafolony ho fanekena ny maha-Tompo sy Mpamorona Azy. Faharoa, faritan'Andriamanitra mazava ny atao hoe ampahafolony, dia ny folo isan-jaton'ny vola miditra amin'ny olona anankiray. Tsy maintsy folo isan-jato izany vao azo atao hoe ampahafolony, tsy mifanojo amin'izany fepetra izany ny isan-jatony latsak'izany. Fahatelo, mitaky finoana ny famerenana ny ampahafolony. Antso mba tsy handrosoana araka izay hitan'ny maso fa araka ny finoana ny famerenana ny ampahafolony, noho ny finoana fa hihazona ny teny nomeny Andriamanitra ka handrotsaka fitahiana manana amby ampy. Tahaka ireo mpianatra nasaina nandatsaka ny haratony tao amin'ny lalina rehefa avy niasa mafy nandritra ny alina nefa tsy nahomby, izay mamerina ny ampahafolony dia milaza koa hoe: "Na dia kely aza izay ananako, noho ny Teninao, dia averiko ihany ny ampahafolony."

Anio, amin'ity herinandro ity, no fotoana hangatahana ny Fanahin'Andriamanitra mba hanamafy orina ireo finoana fototra telo ireo ao anatintsika tsirairay avy: Andriamanitra no Tompom-pananana, mazava tsara ny toromariny, ary voavaly soa mandrakariva ny finoana Azy. Araka ireo faharesen-dahatra ireo, raha irinao ny hamerina ny ampahafolony sy hanao fanandramana momba ny fahatokian'Andriamanitra eo amin'ny fihazonana ny fampanantenany, dia farano amin'ny vavaka ny fanapahan-kevitrao.

Azon'Andriamanitra natao ny namaritra isan-jatony hafa ho mariky ny maha-tompom-pananana Azy. Azony natao ny nilaza ny tarehimarika manakaikikaiky izany, nefa tsy nanao izany Izy fa nifidy ny hanonona ny tarehimarika voafaritra mazava tsara.

Fanontaniana hosaintsainina:

**1** **Raha namaritra mazava ny ampahafolony Andriamanitra ka nanambara ny isan-jatony tokony haverina Aminy, manao ahoana kosa ny fahamarinantsika eo amin'ny fifandraisantsika Aminy amin'ny ampahafolony?**

**2** **Koa satria mitaky finoana ny famerenana ny ampahafolony, moa ve tafahoatra loatra ny fiheverana fa fampiasana ho fanamafisana ny finoana ny famerenana izany?**

**3** **Saintsaino izao fanambarana izao: "Tsy afaka hamerina ny ampahafolony amim-pahatokiana ny olona izay miady hevitra momba ny maha-Tompon'ny zavatra rehetra eto an-tany an'Andriamanitra." Ahoana no anampian'izany fanambarana izany anao hisaintsaina indray ny amin'ny fahatakarana momba ny famerenana ny ampahafolony?**

# Atao lohalaharana Andriamanitra ...

## *Ny fomba fiainako*

***"Entonareo ny fahafolon-karena rehetra ho ao amin'ny trano firaketako, mba hasian-kanina ao an-tranoko, ary izahao toetra amin'izany Aho, hoy Jehovah, Tompon'ny maro, raha tsy hovohàko ny varavaran'ny lanitra ho anareo ka hampidinako fitahiana manana amby ampy ho anareo."*** **- Mal. 3:10**

## Fanoloran-tena

**Miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra, dia safidiko ny hamerina ny ampahafolon'i Jehôvah amim-pahatokiana (ny 10 isan-jaton'ny vola miditra amiko).**

## Andro 7

# Fiainana atokana amin'ny fanaovana ny asan'Andriamanitra

Misy ohatry ny maha-Kristianina izay mamirapiratra tahaka ny fanilon-tseranana ao anatin'ny haizina mikitrok'ity tontolontsika feno fitiavan-tena ity. Ireny dia mandrisika antsika hanana fahalalahan-tanana na dia ao anatin'ny fitsapana aza. Ireny no manasa antsika mba hihary ny harentsika any an-danitra izay tsy misy kalalao sy harafesina ary mpangalatra.

Indray andro, dia nanasa ireo mambran'ny fiangonany ny misiônera iray mba hahafoy zavatra ho an'ny asan'Andriamanitra. Tsy nampino azy ny zavatra hitany raha nitsidika ireo fianakaviana mahantra indrindra tao amin'ny fiangonana izy. Rehefa nandinika akaiky kokoa ny teny an-tsaha izy dia nahita ny zanaka lahimatoan'ilay fianakaviana niasa ny tany teo amin'ny toeran'ny omby matanjaka nananan'izy ireo. Rehefa nanontany azy ity misiônera ity hoe: "Fa aiza ny ombinareo?" Dia gaga tamin'ny valinteny hoe: "Namidinay mba hahafahanay manolotra fanatitra hanaovana trano vaovao hiankohofana amin'Andriamanitra." Rehefa nisaintsaina momba ny haben'ny zavatra nafoin'ireto fianakaviana ireto ilay misiônera, dia tsy tanany ny ranomasony. Vonona ny hiatrika ny fahantrana ilay fianakaviana mba hanohanana ny asan'Andriamanitra.

Mampahery ny fiangonana tany Kôrinto i Paoly ao amin'ny 2 Kôr. 8:1-5 mba hitomboan'izy ireo ao amin'ny fahasoavan'ny fahalalahan-tanana. Mba hananarana azy ireo hanome amim-pahalalahan-tanana, dia nozarainy ny ohatra nasehon'ireo fiangonana tany Makedonia. Nasehon'i Paoly ho ohatra mendrika hotahafina momba ny fanomezana ho an'Andriamanitra ireo Makedônianina.

### Ireo Makedônianina

Toerana iray feno tendrombohitra any Avaratr'i Grèce, ao amin'ireo nosy Balkans, i Makedonia. Nailikilika sy nenjehina ireo mponina tao Makedonia noho ny finoan'izy ireo an'i Jesôsy sy noho ny nialany tamin'ireo andriamani-tsy izy sy ny fomba fiainan'ireny izay tsy nisy aina. Raha ao anatin'ny toe-javatra tahaka izany ny ankamaroan'ny olona dia ho nivelona





**Josanan Alves**

**Departemantan'ny FIPIKRI, Diviziona Amerika Atsimo, Brasilia, Brésil.**



ao anatin'ny fitsinjovana ny tenany manokana, saingy tsy toa izany ireo Makedônianina.

Asongadin'i Paoly fa tsy hoe nahantra fotsiny ireo Makedônianina fa tena tao anaty fahantrana lalina. Na dia noheverina ho tao anatin'ny fahasahiranana lehibe aza izy ireo, dia mbola nandray anjara tamin'ny fanampiana ny hafa ihany. Na dia teo aza ireo fizahantoetra nolalovan'ireo Kristianina tany Makedonia ireo dia voalaza fa nanana fifaliana be izy ireo tao anatin'ny fahoriana, fifaliana izay nihoatra lavitra ny fahalalahan-tanany. Nahatalanjona an'i Paoly ny nahita ny fahalalahan-tanana lehibe nananan'ireto olona nahantra ireto. Ahoana no hisian'ny fahalalahantanana avy ao amin'ny fahantrana tahaka izay niainan'izy ireo? Fahagagana izany ho an'i Paoly ary avy amin'Andriamanitra irery ihany. Izao dia misy fanontaniana iray tokony hovaliana: Inona no nahatonga ny fiangonan'i Makedonia halala-tanana sy ho feno fifaliana ka tsy nila noterena mba hanome?

### Ireo fepetra hananana fiainana feno fahalalahantanana

Voalohany, efa nandray ny fahasoavan' Andriamanitra ireo Makedônianina. Fironana ao anatintsika ny ho tia tena sy tsy hahay manome aminkalalahan-tanana. Ary na dia manome aza isika, dia mety antony feno fitiavan-tena no manosika antsika hanao izany. Mba hanomezantsika malalaka hanohanana ny asan'Andriamanitra, dia tsy maintsy mahita ny fahasoavan'Andriamanitra ao amin'i Jesôsy Kristy isika.

Faharoa, ny tenan'izy ireo no natolony voalohany ho an'ny Tompo. Maro ny olona tsy manolotra amin-kalalahan-tanana mba hanohanana ny asan' Andriamanitra noho izy tsy mbola nanolo-tena ho an'ny Tompo. Ny fanolorana ny tenantsika ho an'Andriamanitra mialoha ny zavatra rehetra no tsiambaratelon'ny tena fanomezana marina.

Tokony hovaliantsika ireto fanontaniana ireto: Ahoana no hahafahantsika mamerina ny ampahafolony sy manao fanatitra amin-kalalahan-tanana tahaka izay nataon'ireo Makedônianina? Hoy i Ellen G. White: "*Tsy navela ho amin'ny fihetsehampo io resaka fanomezana io. Nanome toromarika raikitra mahakasika izany Andriamanitra.*" Ary izao no nanampiany izany: "*Napetrany ho fitaovam-pandanjana ny fanolorantenantsika ny ampahafolony sy ny fanatitra.*" -

Torolalana ho amin'ny fahaiza-mitantana, t. 86. Ambaran'ireo teny ireo fa misy ny fitsipika mazava tokony harahina mahakasika ny famerenana ny ampahafolony sy ny fanatitra. Momba ny famerenana ny ampahafolony, dia ambaran'ny Baiboly mazava fa folo isan-jaton'ny vola miditra amintsika izany (Lev. 27:27-30). Ary izany no valin'ny fanontaniana ho an'ireo Kristianina te haneho toetra mahatoky.

Ho an'ny fanatitra indray, dia misy lafin-javatra izay mbola mampisalasala na mampiahotra antsika matetika: ahoana ny fomba fanaovana fanatitra? Ohatrinona no tokony hatao fanatitra? Andeha isika hijery tari-dalana vitsivitsy avy amin'ny Tompo mahakasika ny fanatitra mety indrindra sy ankasitrahana:

## Andriamanitra aloha - Mat. 6:33 1

Izany no fitsipiky ny maha-Tompo an'Andriamanitra. Na i Kristy Tompon'ny zavatra rehetra na tsy misy na inona na inona maha-Tompo Azy. Koa tsy maintsy Izy no apetraka ho lohalaharana. Fitsipika ara-Baiboly izany: an'i Jehôvah ny voaloham-bokatra. "*Mankalazà an'i Jehovah amin'ny fananana sy amin'izay voaloham-bokatrao rehetra*." - Ohab. 3:9.

## Amim-pifaliana sy amim-pankasitrahana - 2 Kôr. 9:7 2

Ny fanatitra rehetra ataontsika dia tokony haneho fifaliana sy fankasitrahana satria ampahany amin'izay omen'Andriamanitra mba hivelomantsika ireny. "*Tokony hatao an-tsitrapo ny zavatra rehetra ataontsika. Tokony hoentintsika amim-pifaliana sy amim-pankasitrahana ny fanatitsika, sady miteny hoe, raha manolotra izany: Amin'ny Anao ihany no anomezanay Anao an-tsitrapo. (...) Manatòna an'Andriamanitra amin'ny fo feno fisaorana (...) ary asehoy ny fankasitrahanao ny hatsaran'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fitondranao eo Aminy ny fanati-pisaorana*." - Torolalana ho amin'ny fahaiza-mitantana, t. 217.

## Amin'ny fitiavana - 1 Kôr. 13:3 3

Mampalahelo fa marobe no manolotra fanatitra noho ny antony tsy araka ny tokony ho izy, toy izao manaraka izao:

- Vokatry ny adidy na ny fanerena
- Mba ho hitan'ny olona na hotsaroany
- Noho ny fahatsiarovan-tena ho meloka
- Vokatry ny fientanam-po - toy ny famaliana ny antso ataon'ny mpitoriteny eny aloha.

Diniho anefa izao fanambarana izao: "Raha tsy eo ny fitiavana madio, na ny fitiavana sarobidy indrindra aza dia mahantra loatra ka tsy azon'Andriamanitra ekena." - TFC, b. 2, t. 652. Ny fitiavantsika an'i Jesôsy sy ny Fiangonany ary ny namantsika no tokony ho antony manosika antsika hanao fanatitra. Any amin'izay misy ny fonao no hitoeran'ny harenanao.

Rehefa avy nandinika ireo teboka fototra ireo isika, dia ilaintsika ny mamaly ny fanontaniana hoe: ohatrinona no hatolotsika ho fanatitra? Tsy misy ny tontalim-bola voafaritra fa miovaova arakaraka ny olona izany. Tsy izany ihany anefa.

## Manome araka izay nomena azy avy (Deo. 16:17) 1

Manao izao fanazavana izao, izay mifandrindra amin'ny Deo. 16:17, i Ellen White: "*Hisy fahasamihafana lehibe ny vola aloan'ny olona samihafa eo amin'ny rafitra ara-Baiboly momba ny ampahafolony sy ny fanatitra satria arakaraka ny vola miditra izany*." - Torolalana ho amin'ny fahaiza-mitantana, t. 78. Midika io fanambarana io fa arakaraka ny haben'ny fitahiana azontsika no tokony haben'ny fanomezana atolotsika an'Andriamanitra. "*Fa izay nomena be, dia be no hotadiavina aminy*" - Lio. 12:48.

Ny fanomezana mifanentana amin'izay nomena anao na miorina amin'ny isan-jatony no fomba tsara indrindra hahalalana raha toa feno fahatokiana sy fahitsiana ny fanatitrao. Tsy voatery ho vola raikitra isan-tSabata na isam-bolana izany satria mety hiovaova arakaraka ny vola miditra amin'ny olona ny fanatitra, tahaka ny ampahafolony ihany. Tahaka izao ny fomba fiasan'ny isan-jatony: raha mahazo vola bebe kokoa ianao dia hitombo arakaraka izany izay hatolotrao; raha mihena ny azonao, dia mihena koa izay hatolotrao; ary raha tsy mahazo na inona na inona ianao, dia tsy hanome na inona na inona. Tokony hiorina amin'ny isan-jatony mandrakariva ny fanomezana fa tsy amin'izay ao anatin'ny fitoeram-bola na ny poketrantsika amin'ny fotoana fanantazana ny fanatitra. Amin'izany, dia hilamina ny feon'ny fieritreretanao eo anatrehan'Andriamanitra satria mahatoky ianao, araka izay nomen'Andriamanitra anao.

Misy torolalana avy amin'ny fanahin'ny faminaniana manao hoe: "*Rehefa natokana ny ampahafolony, dia aoka hisy fanomezana sy fanatitra hatokana, na amin'inona na amin'inona anambinan'Andriamanitra anao*." - Torolalana ho amin'ny fahaiza-mitantana, t. 86.

Miantso ny olon-drehetra izahay mba hanapa-kevitra hanomboka hanao faneken'ny fahatokiana amin'Andriamanitra, na 5 izany na 6 na 8 na 10%, eny na mihoatra aza. Zava-dehibe ny fanombohana izany "dia lavitry" ny fahatokiana izany.

## Manomana ny fanatitra hatolotra (1 Kôr. 16:2) 2

Ny hoe manomana ny fanatitra hatolotra dia midika fa tsy amin'ny fotoana ahatongavana ao am-piangonana, na ny ratsy kokoa noho izany, amin'ny fotoana itondran'ny diakona ny fanantazana fanatitra isika vao tokony hisaina na hanahy momba ny fanatitra. Aoka homaninao sy ny ankohonanao mandritra ny henemana izany. Izao no anatranatry ny Baiboly: "*Aoka tsy hisy hiseho foana tsy mitondra fanatitra eo anatrehako*." - Eks. 23:15. Mitaky fanomanana izany. Ohatra, mandritra ny fotoam-pivavahan'ny Zoma hariva maty masoandro, dia ifanakalozy hevitra amin'ny vady aman-janakao ny lanjan'ny fanatitra amin'ny Sabata raha manokana ny fanatitrareo ianao sy ny ankohonanao. Ary raha tsy manana vola miditra aminy manokana ny vady aman-janakao, dia omeo ampahany amin'ny fanatitra natao hoentina izy ireo mba hahafahany mandray anjara amim-pifaliana amin'ny fanompoam-pivavahana amin'ny fitondrana fanatitra ho an'i Jehôvah.

Mitondra tombontsoa ho an'ny fianakaviana iray manontolo izany fihetsika izany. Hiasa mangina amin'ny zanaka ny fahatokian'ireo ray aman-dreniny ka hanaraka ny ohatra nasehony izy ireo rehefa hahazo ny volany manokana. Mbola kely ny zanaka dia efa beazina sy ampianarina mba ho mpitantam-pananana mahatoky sy ho tia ny asan'ny Tompo.

### Famaranana

Nahoana no zava-dehibe ireo torolalana avy amin'Andriamanitra ireo? Satria momba ny drafitr'Andriamanitra avokoa izany. "Ny hany fomba nokendren'Andriamanitra hampandrosoana ny asany dia ny fitahiana ny olona amin'ny alalan'ny fananana. Omeny azy ireo ny tara-masoandro sy ny orana (…) Manome fahasalamana sy fahaiza-manao mba hanangonana harena Izy. Avy amin'ny Tanany feno fahalalahan-tanana ny fitahiana rehetra azontsika. Asainy maneho fankasitrahana ny lehilahy sy ny vehivavy amin'ny alalan'ny famerenana Aminy ampahany, dia ny ampahafolony sy ny fanatitra izany." - Ellen White, Testimony Treasures, b. 2, t. 41.

Ho fanampin'izany, manampy antsika hanorina toetra tahaka ny an'i Jesôsy izany. "*Tokony hapetraka eo anoloany ireo tanjona izay miantso ny hisian'ny fahalalahan-tanana, raha tsy izany dia tsy afaka ny hanahaka ny toetran'ilay Ohatra lehibe izy ireo.*" - Torolalana ho amin'ny fahaiza-mitantana, t. 11.

### Antso

Izao no fanontaniana apetrak'izao tontolo izao: "Inona no ananan'ny olona iray?" Etsy andaniny, dia izao no fanontaniana apetrak'Andriamanitra: "Ampiasain'io olona io amin'inona izay ananany?" Tsy ilain'ny tena Kristianina marina akory ny hanamarina ny kaontiny any amin'ny banky mba hahalalany ny hareny izay izy vao hanolotra ho an'Andriamanitra. Na dia miatrika fizahan-toetra na koa zava-tsarotra aza isika, dia azontsika raisina ny ohatry ny finoana sy ny fahalalahan-tanana nasehon'ireo Makedônianina ka hanolotra fanomezana ho an'ny Tompo amim-pahalalahan-tanana isika. Asaiko ianao mba hanavao ny fanoloran-tenanao momba ny fahatokiana amin'Andriamanitra eo amin'ny ampahafolony sy ny fanatitra voafaritra amin'ny isan-jatony; tsy hanao izany araka izay heverinao fa mety indrindra ianao fa hatoky ny maha-mahefa ny zavatra an'Andriamanitra sy ny torolalan'ny lanitra ho an'ny fiangonan'Andriamanitra.

***"Ary ampahafantarinay anareo, ry rahalahy, ny fahasoavan'Andriamanitra izay nomena tao amin'ny fiangonana any Makedonia; fa tamin'ny fahoriana be nizahan-toetra azy no nitomboan'ny hafaliany, ary ny hamafin'ny fahantrany no nampitombo ny haren'ny hitsim-pony. Koa vavolombelona aho fa araka ny zakany, eny, mihoatra noho ny zakany aza, sady araka ny sitrapony ihany, no nanomezany, sady nangataka mafy taminay koa izy mba havelanay hikambana amin'izany fanompoana ho an'ny olona masina izany; ary tsy araka ny nantenainay, fa ny tenany no natolony ho an'ny Tompo aloha, dia vao ho anay koa noho ny sitrapon'Andriamanitra."*** - 2 Kôr. 8:1-5.

#### Fanontaniana hosaintsainina:

**1** **Ahoana no fahatakaranao ny fanatitra voafaritra amin'ny isan-jatony araka ny fitsipika ara-Baiboly aseho ao amin'ny Deo. 16:17? Inona no maharatsy ny fanomezana vola izay tiana ho fanatitra?**

**2** **Ahoana no hanarahanao ny ohatra nasehon'ireo Makedônianina amin'ny fanoloran-tena feno eo amin'ireo lafiny hafa amin'ny fiainana, ankoatra ny fahatokiana amin'ny ampahafolony sy ny fanatitra?**



*"Mankalazà an'i Jehovah amin'ny fananananao sy amin'izay voaloham-bokatrao rehetra; ka dia ho feno mitafotafo ny fitoeram-barinao, ary hihoatra ny ranom-boaloboka eo amin'ny vata fanantazanao."*
**- Ohab. 3:9,10**

# Atao lohalaharana Andriamanitra ...

## *Ny fomba fiainako*

### Fanoloran-tena:

**Miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra, safidiko ny hanokana isan-jato tsy miovaova (___%) amin'ny vola miditra amiko, mba ho fanatitra ho an'i Jehôvah.**

## Andro 8

# Antso maika ny hikatsahana an'Andriamanitra alohan'ny zavatra rehetra



**Inona no atao rehefa misy zava-tsarotra mananontanona anao ka tsy hainao ny vahaolana ho amin'izany?**

Misy olona sasany miezaka hanao zavatra tsara kokoa kanefa ratsy kokoa noho izany aza matetika no vitany. Mitranga izany satria mitondra ny fiainany araka ny fomba fiheviny manokana izy (jereo ny Ohab. 14:12); tsy fantany fa isika rehetra dia samy mijinja vokatra ratsy avy amin'ny fomba fijery diso izay tsy mety ahitsy. Tsy azo itokiana ny fomba fijerintsika satria "*ny fo dia mamitaka mihoatra noho ny zavatra rehetra sady manana aretina tsy azo sitranina; iza moa no mahafantatra ny aminy?*" - Jer. 17:9.

Niantefa tamin'ireo izay manahy ny amin'ny hoavy sy nikatsaka mafy ny hanangona fananana ara-materialy ny tenin'i Jesôsy. Fitsipika tsy lefin'ny fotoana izay mihoatra lavitra noho ny lafiny ara-materialy no nambarany, fitsipika izay azo ampiharina amin'ny lafim-piainana rehetra. Tonga fitsipika mifehy ny fiainan'ireo rehetra manaiky an'i Jesôsy ho Tompony izany: "*fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany, dia hanampy ho anareo izany rehetra izany*." - Mat. 6:33.



**Marcos F. Bomfim**

Talen'ny Departemantan'ny FIPIKRI any amin'ny foibe maneran-tanin'ny fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, Silver Spring, Etazonia.



### Mikatsaka an'Andriamanitra aloha

Tsy ho an'ireo izay mikatsaka an'Andriamanitra araka ny fombany manokana ny fampanantenan'i Jesôsy ("*hanampy ho anareo izany rehetra izany"*), fa ho an'ireo izay mitady Azy araka ny toromarika nomeny. Ny hoe "mikatsaka aloha" na koa mametraka an'Andriamanitra ho lohalaharana dia tsy manondro fotsiny ny tombambidy lehibe omentsika izany zavatra katsahina izany ("*ny fanjakany sy ny fahamarinany")* fa manondro koa ny tokony hanaovantsika izany ho laharam-pahamehana mihitsy.

Hita taratra eo amin'ny fandaharam-potoantsika isan'andro ny fanomezantsika lanja ny fikatsahana ny fanjakan'Andriamanitra sy ny fahamarinany. Ny hoe mametraka an'Andriamanitra ho lohalaharana dia midika fa ny zavatra ataontsika voalohany indrindra isan'andro sy ny tanjontsika manan-danja indrindra eo amin'ny fiainana dia ny hikatsaka ny fanjakan'Andriamanitra sy ny fahamarinany. Ny fametrahana an'Andriamanitra ho lohalaharana koa dia midika ho fankatoavana ny didiny rehetra (Toko sy andininy maro hafa koa no miresaka momba ny fitandremana ny didin'Andriamanitra rehetra, jereo ny Deo. 6:1,2,24; 8:1; 10:12,13; 11:8,22,32; 28:1, 13–15, 58; Sal. 119:4; Efes. 2:8–10; Kôl. 1:10). Andriamanitra, ny fanjakany sy ny didiny ary ny fahamarinany no ho lohalaharana sy ambony indrindra eo amin'ny fanapahan-kevitra raisina sy ny asa atao rehetra (1 Kôr. 10:31). Araka izany, ny hoe "mikatsaka aloha" dia mitovy amin'ny hoe "matahotra an'Andriamanitra" (momba ny "fahatahorana an'Andriamanitra," jereo ny Deo. 4:9,10; 6:1,2; Mpitt. 12:13; Sal. 103:17,18; 111:10; 112:1; 128:1; 28:9; 1 Jao. 5:3).

Inona anefa no hevitry ny hoe mikatsaka ny [1] fanjakan'Andriamanitra sy ny [2] fahamarinany aloha, ary inona ny dingana azontsika arahina mba hanaovana izany?

### Mikatsaka ny fanjakan'Andriamanitra aloha

Amin'ny maha-Loharanon'ny fiainana sy Mpamorona an'Andriamanitra dia Azy ny zavatra rehetra ary Izy no Mpanapaka an'izao rehetra izao. Norobain'i Satana tamin'ny alalan'ny famitahana anefa ny fanapahan'Andriamanitra teto amin'ny planeta Tany ary nihaika ny Fahefany izy. Taorian'ny nidiran'ny fahotana teto an-tany, dia nanjary nanohitra ny fahefan'Andriamanitra ny olombelona rehetra ary nanana fironana hanorina ny lalàny manokana. Manaraka ny firehany sy ny zavatra tiany izy ary izay hahazoany voninahitra no katsahiny voalohany indrindra; tamin'izany no nanapahany ny fifandraisany tamin'ilay Loharanon'ny fiainana.

### Fanandramana iainana ao anaty

Misy Kristianina sasany mifantoka amin'ny fanorenana ny fanjakan' Andriamanitra eo amin'ny fiarahamonina voalohany indrindra ka matetika izy ireo no mametraka tetikasa pôlitika na ara-tsôsialy amin'izany; i Jesôsy anefa dia mampianatra fa fanandramana iainana ao anaty aloha ny fanjakan'Andriamanitra. "*Tsy misehoseho ny fihavin'ny fanjakan'Andriamanitra*" hoy i Jesôsy, "*Fa, indro, ny fanjakan'Andriamanitra dia ao anatinareo*." - Lio. 17:20,21. Araka izany, "tsy niezaka ny hanao fanavaozana ara-panjakana (…) ny Mpamonjy. Tsy namely izay fanaovan-dratsy teo amin'ny firenena Izy, na (…) nisalovana tamin'ny fahefana na ny fitondran'ireo teo amin'ny fanjakana." - Our Father Cares, t. 225. Takatr'i Jesôsy fa "mba hahombiazan'ny fanafody, dia tsy maintsy mahatratra ny olombelona tsirairay izany, ka manavao ny fo." - Our Father cares, t. 225.

Mipetraka ny fanontaniana hoe: iza no tompon'andraikitra amin'ny dingana fandraisana fanapahan-kevitra ao amin'ny atifon'ny olona - ny Tenin'Andriamanitra sy ny Sitrapony sa ny sitrapon'ny olona ihany?

### AHOANA NO HIKATSAHANA NY FANJAKAN'ANDRIAMANITRA?

Rehefa takatry ny olona fa mampididoza ny mifehy ny fiainany, dia izay vao hitany ny tombontsoan'ny fandraisana ny fanjakan'Andriamanitra sy ny fankatoavana ireo Didiny ary ny fifaliana azo amin'izany. Amin'ny alalan'ny fileferana (Gal. 2:20) no ametrahantsika ny fifehezana fenon'ny fiainantsika eo amin'i Jesôsy, ary ny fitoeran'ny Fanahy ao anaty no manamora izany (jereo ny Rôm. 8). Ny fitsipi-piaina ara-panahy sasany dia sady [1] fampiasana mitarika ho amin'ny fanorenana ny fanjakan'Andriamanitra ao anaty no [2] fanehoana ivelany ny fandraisana ny fanjakan'Andriamanitra sy ny maha-Tompo an'i Jesôsy:

### Firaisana tsy tapaka amin'Andriamanitra (ho an'ny tsirairay sy iarahan'ny besinimaro) 1

Io fitsipi-piaina io no andrin'ny fiainana ara-panahy ka tsy maintsy hazonina ho laharam-pahamehana isan'andro, araka izany. Isa-maraina, atombohy amin'ny fotoana manokana anaovana vavaka, fandinihana ny Baiboly sy ny leson'ny Sekoly

Sabata ary ireo lahatsoratry ny Fanahin'ny Faminaniana ny tontolo andro. Tanteraho ny fiarahan'ny mpianakavy mivavaka ary tohizo ny fanatrehana ireo fanompoam-pivavahana any am-piangonana.

## Fiarahana mandeha amin'Andriamanitra 2

Firesahana tsy tapaka amin'Andriamanitra mandritra ny tontolo andro izany, fikatsahana hanao izay sitrany amin'ny asa atao rehetra. Tsaroana sy averina matetika ny Teniny, ary hay ny manavaka ny Feony ao anatin'ireo tabataban'ny fiainana andavanandro.

## Fomba fiaina sy fahazarana 3

Fanaovana lohalaharana ny fitsipik' Andriamanitra ambonin'ny fironana sy ny zavatra tian'ny tena manokana - anisan'izany ny akanjo, ny fifandraisana, ny lafiny ara-bola, ny sakafo ary izay mahakasika ny firaisana ara-nofo - ka ny faniriana amin'izany dia ny hanao izay sitrany. Fanorenana fahazarana sy fomba fanao vaovao izay mifandraika amin'ny Tenin'Andriamanitra. Ampileferina tanteraka eo amin'Andriamanitra ny fomba fanao rehetra izay mitondra loza ho an'ny vatana sy mety hanimba ny fomba fijery ara-panahy na koa manembantsembana ny fanompoana tokony hatao amin' Andriamanitra.

## Ny fiainana ara-pihetsehampo 4

Hanehoana fitiavana sy famelan-keloka ary fahatokiana ireo mpanota tahaka antsika, tsy araka ny fahamendrehany izany tsy akory, fa noho ny fileferantsika amin'i Jesôsy sy ny Teniny. Miantomboka ao amin'ny ankohonana izany dingana izany ary mitatra mba hipaka any amin'ny olona rehetra.

## Ny fanompoana an'Andriamanitra 5

Ny asa rehetra atao isan'andro dia tokony horaisina ho fotoana fanararaotra hanehoana ny fitiavan'i Kristy, hanasoavana ny hafa, ary hitarihana azy ireo handinika ny Baiboly sy hanaiky an'i Kristy ho Tompony.

## Ny fitandremana ny Sabata 6

Ny Sabata, izay tandremana manomboka amin'ny filentehan'ny masoandro ka hatramin'ny filentehan'ny masoandro ny ampitso, dia atokana manontolo ho amin'ny fanamafisana ny fifandraisantsika manokana amin'Andriamanitra, amin'ny fiangonana (izay tenan'i Kristy) ary amin'ireo mila fanampiana. Natao hiomanana ho amin'ny Sabata ny Zoma. Ny fisainana sy ny asa mendrika ihany no tokony hatao mandritra ny Sabata.

## Fiankohofana amin'ny lafiny ara-bola sy ara-panahy 7

Miaiky fa an'Andriamanitra ny zavatra rehetra ary Izy no Mpanome sy Mpamelona. Ireo izay mikatsaka ny fanjakan'Andriamanitra alohan'ny zavatra

rehetra dia mampilefitra ny fiainany ara-bola manontolo hofehezin'i Jesôsy, ka tsy mametra ny fanoloran-tenany ho amin'ny ampahafolony sy ny fanatitra ihany. Averina amin'Andriamanitra tsy tapaka ho fiankohofana fa tsy fanomezana tsotra ny ampahafolony sy ny fanatitra "Fanoloran-tena" (momba ny fanatitra "Fanoloran-tena," jereo ny "'Promise' Offerings—Puting God First," Stewardship Ministries, nampidirina ny 5 Mey, 2024. https://stewardship.adventist.org/promise-offerings). Azy avokoa ny fananana ara-materialy rehetra, azony ampiasaina, ary tokony hampileferina eo ambany sitrapony rehefa mandidy izany Izy.

**Mikatsaka ny Fanjakany alohan'ny zavatra rehetra**

Toetra iray tsy afa-misaraka amin'Andriamanitra ny fahamarinana. Mandrafitra feno ny maha-Izy Azy izany ka mampiseho ny toetran'ireo izay ankasitrahany koa. Ny Soratra Masina, fa tsy ireo mpitarika ny fiangonana na ny fomba fijerintsika manokana, no manome ny "*fitaizana amin'ny fahamarinana*" (2 Tim. 3:16,17); izany no idealin'Andriamanitra ho an'ny fahamarinana. Ny Soratra Masina koa no manome tari-dalana ho antsika mikasika ny fanatanterahana izany.

Ahoana anefa no hahatonga ny olona iray hahazo ny fankasitrahan'Andriamanitra raha toa ka "*tsy misy marina na dia iray akory aza* (…) *tsy misy izay manao ny tsara na dia iray akory aza*" (Rôm. 3:10,12)? Ambaran'ny Baiboly fa tsy mety ho tanteraka amin'ny fahamarinana amin'ny fiezahany hitandrina ny lalàna ny olombelona (Efes. 2:9). Na dia hitandrina ny lalàn'Andriamanitra amin'ny fomba tonga lafatra aza izy ireo, dia tsy hanova ny toetra maha-mpanota azy izany (Rôm. 3:20), satria tsy voaovan'ny lalàna ny fironany hanao ratsy (Rôm. 8:3).

Mampianatra antsika ny Baiboly fa ny fahasoavan'Andriamanitra no amonjena antsika amin'ny alalan'ny sorona nataon'i Jesôsy ho fisoloana antsika (2 Kôr. 5:21; Efes. 3:8; 1 Pet. 2:24). Noho ny toetrantsika mpanota izay miteraka fahafatesana (Rôm. 6:23; 8:6) dia nanapa-kevitra i Jesôsy ny hanolotra ny Ainy ho solontsika. Rehefa miaiky ny maha-mpanota azy ny olona iray ka mitsotra ny fahotany (1 Jao. 1:9) ary mino fa mahomby ny sorona nataon'i Jesôsy ho solony, dia hamarinin'Andriamanitra avy hatrany izy ary raisiny ho marina (Rôm. 5:1). Tsy miorina amin'ny fiezahantsika ho tsara izany karazana fahamarinana izay avy amin'Andriamanitra izany, fa miorina amin'ny tsara izay nataon'i Jesôsy ho antsika (Tit. 3:5).

Ambaran'i Paoly fa tsy tiany ny hanana "*ny fahamarinako, izay avy amin'ny* [fiezahana hitandrina ny] *lalàna*." Iriny kosa ny fahamarinana "*izay avy amin'ny finoana an'i Kristy* [ilay sorona ho solontsika], *dia ny fahamarinan'Andriamanitra* [izay azo avy] *amin'ny finoana* [an'i Jesôsy ilay sorona ho solontsika]" - Fil. 3:9.

## INDRO MISY DINGANA MAROMARO IZAY METY HANAMPY ANTSIKA HANDRAY NY FAHAMARINAN'ANDRIAMANITRA:

**Fandinihana tsy tapaka ny Baiboly sy ny Fanahin'ny Faminaniana:**

Diniho tsy tapaka ireo lahatsoratry ny Baiboly sy ny Fanahin'ny Faminaniana mba handraisana "*fitaizana amin'ny fahamarinana*" - 2 Tim. 3:16, mba hahatakarana izay irin'Andriamanitra ho toetrantsika sy hataontsika.

**Ekeo avokoa izay lazain'ny Soratra Masina:**

"*Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra*" - 2 Tim. 3:16. Aza dinganina ireo ampahany sasany ao amin'ny Baiboly izay mety tsy dia tianao loatra, satria mety ahitanao hafatra ilainao indrindra izany.

**Mivavaha mba hitiavanao ny fahamarinana:**

Angataho Andriamanitra mba hametraka ao anatinao ny "fitiavana ny fahamarinana," na dia maharary aza izany noho izy mifanohitra amin'ny firehana ao anatinao. Mivavaha mba hahaizanao mandinika ny fanambaran'Andriamanitra amin'ny saina tsy mitanila na manana hevitra mibahana mialoha (Asa. 17:11), mba tsy hahatonga anao ho tafintohina noho ny fahamarinana mazava, ary mba tsy hahatonga anao "hankasitraka ny tsy marina" (2 Tes. 2:12).

**Tadiavo ny fananarana sy ny faharetana:**

Angataho amim-bavaka ny fahaizana mandray ny fananarana ataon'Andriamanitra aminao (Apôk. 3:19), mba "hahazakanao ny fampianarana tsy misy kilema" (2 Tim. 4:3) ary mba hampahazoto anao eo imasony (Apôk. 3:19).

**Angataho Andriamanitra handinika ny fonao:**

Tahaka an'i Davida, angataho Andriamanitra mba handinika ny fonao, ary raha mahita lalan-dratsy ao anatinao Izy, dia mangataha Azy mba hitarika anao ho eo amin'ny "*lalana mandrakizay.*" - Sal. 139:24.

**Ekeo ny maha-mpanota anao:**

Mety haneho toerana mampidi-doza ara-panahy ny tsy fananana na inona na inona tokony hibabohana (1 Jao. 1:10; Apôk. 3:17). Rehefa ampifanatrehana amin'ny fahotanao ianao, dia ekeo fa fepetra iray mankamin'ny famonjena ny maha-mpanota, satria tonga mba hamonjy ny mpanota fa tsy ny marina i Jesôsy (Lio. 5:31).

**Miaike heloka isan'andro:**

Ekeo isan'andro ny fahotana ary tonony manokana izany araka izay ampirisihin'ny Tenin'Andriamanitra sy ny Fanahiny (1 Jao. 1:9). Moa ve misy adidy fantatro fa tokony hataoko nefa tsy ataoko? Moa ve aho mitandrina ny Sabata araka ny tokony ho izy? Moa ve misy ampahafolony tsy mbola voaveriko tamin'Andriamanitra?

**Areno izay tsy nety:**

Noho ny fahasoavan'Andriamanitra, manapaha hevitra ny hanarina izay tsy nety teo imasony (Efes. 2:8-10; Fil. 4:13).

**Matokia fa hamela heloka Andriamanitra:**

Raha vao avy niaiky heloka ianao, dia minoa fa "*mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra*." - 1 Jao. 1:9. Ny fahotana sasany izay mahakasika ny hafa dia tsy maintsy ekena aminy koa.


**Aza mitoky amin'ny fihetsehamponao manokana:**

Raha mbola mahatsiaro mavesatra ianao rehefa avy niaiky ny helokao, dia vakio ny 1 Jao. 3:20: "*na amin'inona na amin'inona no anamelohan'ny fontsika antsika, satria Andriamanitra lehibe noho ny fontsika ka mahalala ny zavatra rehetra*." Mendrika itokiana kokoa noho ny Tenin'Andriamanitra ve ny fihetsehamponao?

Mangataha famelan-keloka ho an'ny hafa:

Tadidio ny fampianaran'i Jesôsy: *"Fa raha mamela ny fahadisoan'ny olona hianareo, dia mba hamela ny anareo kosa ny Rainareo Izay any an-danitra. Fa raha tsy mamela ny fahadisoan'ny olona hianareo, dia tsy hamela ny fahadisoanareo ny Rainareo."* - Mat. 6:14,15.

Miantso ny olony amin'ny andro farany Andriamanitra mba hampitandrina ny olombelona rehetra hoe: "Matahora an'Andriamanitra, ka omeo voninahitra Izy; fa tonga ny andro fitsarany" - Apôk. 14:7. Raha eo am-pamaranana ity herinandro fifohazana ity isika, dia fotoana mety indrindra izao hanaovana an'Andriamanitra ho lohalaharana ho an'ireo mpanara-dia marina an'i Kristy, na koa hanatanterahana ny hoe: *"katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany."* Mbola azo antoka hatrany tahaka ny tamin'ny vao nitenenan'i Jesôsy azy ny teny fikasany hoe: *"dia hanampy ho anareo izany rehetra izany"* - Mat. 6:33. Mino izany ve ianao?





*"Fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany, dia hanampy ho anareo izany rehetra izany."* **- Mat. 6:33**

# Atao lohalaharana Andriamanitra ...

## *Ny fomba fiainako*

Fanoloran-tena:

**Miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra, safidiko ny …**

Natontan'ny Trano Pirinty Advantista Soamanandrariny
BP 1134 Antananarivo 101
Lalam-pirenena mankany Toamasina (RN2), PK6
Tel. 037 23 107 18 - 037 37 107 25 - 034 86 606 99
e.mail <impriad@mea.adventist.mg>

Voatolotra ara-dalàna: 0739-D/09.24
Ny Natonta: 7730 isa